



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

**PRESIDENCE DE LA HAUTE AUTORITE
DE LA TRANSITION**

**LOI N° 2010-001
DU 22 DECEMBRE 2010
PORTANT LOI DE FINANCES
POUR 2011**



**LOI N°2010-001
DU 22 DECEMBRE 2010
PORTANT LOI DE FINANCES
POUR 2011**



LOI N° 2010-001
DU 22 DECEMBRE 2010
PORTANT LOI DE FINANCES POUR 2011



EXPOSE DES MOTIFS

La stratégie que l'Etat malagasy adoptera pour 2011 sera axée principalement sur le maintien de la stabilité économique et sur l'édification de la IVème République. En effet, après deux années de transition, Madagascar s'attellera à concrétiser les institutions de la République pour que le système politique permette à l'économie de s'épanouir dans un cadre de démocratie. Le contenu du présent budget de l'Etat traduira l'enjeu majeur pour la Nation en 2011 : conduire la transition à son terme et introduire une bonne base pour une relance de l'économie dans une nouvelle République.

Ainsi, conformément à la politique générale de l'Etat en matière de financements et de dépenses, la présente Loi de Finances inclura les dépenses relatives aux différentes élections tant nationales que locales. Les dépenses reflèteront également la volonté d'assurer le bon fonctionnement de l'administration tout en respectant la politique d'austérité. Le secteur public soutiendra la croissance et l'amélioration du climat d'investissement se ressentira sur la performance du secteur privé. L'Etat donnera aussi à travers cette Loi de Finances les moyens permettant de faire fonctionner et de pérenniser les infrastructures et les actions déjà entamées en faveur de la population. L'Etat répond à des besoins sociaux par la construction d'écoles au niveau primaire, et par la construction de logements sociaux. Ces projets répondent aussi à des objectifs économiques tels que la création d'emploi. Par ailleurs, un filet de sécurité alimentaire a été mis en place pour les couches les plus vulnérables.

I. RESULTATS ECONOMIQUES ET FINANCIERS POUR 2010

Production

Après une année de crise, l'année 2010 a été considérée comme une année de relance économique à travers les différents secteurs porteurs tels l'industrie minière, le tourisme, l'énergie et les NTICs. Une légère reprise est ainsi constatée avec un taux de croissance de 0,6% contre -3,7% seulement l'année précédente. Néanmoins, les effets de la crise se font encore ressentir notamment au niveau de l'investissement et de la production du fait de la non-effectivité des appuis budgétaires. L'inflation en fin de période se chiffre à 9,8% contre 13,7% dans les prévisions initiales.

Pour le secteur primaire, le taux de croissance de 1,1% provient de la branche sylviculture qui a enregistré un taux de croissance de 0,1% contre 30,4% l'année précédente. Ce taux étant expliqué par l'effort des autorités à contenir les exploitations illicites de bois de rose. Aussi, la fin de la subvention en intrants agricoles a entraîné une performance moindre pour le secteur.

En ce qui concerne le secteur secondaire, le taux de croissance légèrement élevé de 2,1% pour une réalisation de -7,4% en 2009 était particulièrement tiré par la branche industrie-extractive qui avait révélé une croissance de 121,3% malgré le report de la production et des exportations de l'ilménite, de nickel et du cobalt par les deux grands projets miniers QMM et Sherrit. Par contre, les productions des industries textiles et de la Zone Franche Industrielle sont encore en déclin suite à la suspension de Madagascar dans le cadre de l'AGOA.

Seul le secteur tertiaire a enregistré une croissance négative de -0,1% du fait d'un ralentissement enregistré dans la branche BTP de -17,5%.

Finances publiques

L'année 2010 est marquée par la poursuite du gel des financements extérieurs et la baisse des recettes fiscales. Par contre, une hausse des recettes non fiscales a été constatée grâce à la redevance minière correspondant à l'exploitation du Fer de Soalala par le Consortium Chinois WISCO. L'ajustement budgétaire a été indispensable dans la Loi de Finances Rectificative 2010.

En matière de gestion budgétaire de l'année 2010, l'Etat malgache a instauré une politique basée sur le triptyque austérité, bonne gouvernance et transparence. Face à la situation économique actuelle, les recettes fiscales sont revues à la baisse dans la LFR 2010 à 1 904,7 milliards Ariary contre 2 117,4 milliards Ariary prévues initialement, soit un manque à gagner de 212,7 milliards Ariary. Par contre, les recettes non fiscales ont connu une hausse significative pour se situer à 270,6 milliards Ariary contre 55,2 prévue initialement. Les recettes budgétaires affichent un montant de 2 175,3 milliards Ariary avec un taux de pression fiscale correspondant à 10,5%.

Concernant les dépenses publiques, elles sont financées en majorité par les ressources propres de l'Etat (recettes fiscales et non fiscales). Les dépenses totales ont été ramenées à 2 886,7 milliards Ariary, soit une révision à la baisse de 558,8 milliards Ariary par rapport à la Loi de Finances 2010. Pour cela, seuls les départements en charge de la défense et de la sécurité intérieure, la Présidence de la Haute Autorité de la Transition ainsi que le Conseil Supérieur de la Transition ont bénéficié d'une légère augmentation du budget. Les budgets octroyés aux Ministères et Institutions ont été presque révisés à la baisse. Néanmoins, une amélioration du déficit budgétaire a été constatée soit 1,9% du Produit Intérieur Brut (PIB) contre 3,2% du PIB prévue initialement.

Secteur extérieur

En ce qui concerne le secteur extérieur, d'une part, une amélioration de la balance commerciale à 920,2 millions DTS et de la balance des services à 69,2 millions DTS est constatée. Ce qui induit un déficit du compte courant moins important que celui enregistré en 2009, passant de 1 179,8 millions DTS à 896,1 millions DTS. D'autre part, le compte de capital et d'opérations financières affiche un excédent de 846,2 millions DTS, en légère baisse par rapport à 2009, qui était de 1 105,5 millions DTS. De ces faits, le solde de la balance des paiements est déficitaire de 96,1 millions DTS.

Secteur monétaire

Grâce à une politique monétaire prudente menée par la Banque Centrale ainsi qu'une faible variation du prix du pétrole sur le plan international, une stabilité de l'Ariary en terme réel par rapport aux principales devises a été constatée, malgré une légère volatilité au terme du premier semestre 2010. De plus, l'amélioration de la conjoncture économique locale s'est reflétée par un accroissement du crédit à l'économie passant de 1 923,0 milliards Ariary à 2 003,0 milliards Ariary de janvier à juin 2010. L'inflation a pu être contenue à un taux de 9,8% en fin de période contre 13,6% estimé dans l'Ordonnance portant Loi de Finances Initiale.

II. PERSPECTIVES ECONOMIQUES ET FINANCIERES POUR 2011

Objectifs en matière de croissance économique et d'inflation

L'année 2011 sera une année charnière à la fois sur le plan politique que sur le plan économique. Dans le domaine de l'économie, une politique de relance sera menée tout en gardant la stabilité macroéconomique et financière. Cette relance sera notamment assurée à travers les secteurs que sont l'agriculture, le tourisme, l'énergie et les technologies de l'information et de la communication.

Le taux de croissance économique escompté pour 2011 est de 2,8%, dont -0,2% pour le secteur primaire, 12,6% pour le secteur secondaire et 2,9% pour le secteur tertiaire.

Au niveau du secteur primaire, la branche agriculture occupera une place importante avec un taux de croissance de 2,0% (contre 0,7% en 2010). Afin de soutenir les activités de production agricole, les exonérations sur les biens d'équipement et les matières premières agricoles seront maintenues. De plus, l'extension des surfaces cultivables grâce à l'installation de nouveaux entrepreneurs ruraux, et par la réhabilitation des systèmes d'irrigation hydro-agricoles ne sont pas en reste. Toutefois, la branche sylviculture enregistrera une décroissance de -20,0% suite à la fin des exploitations illicites de bois de rose.

Le secteur secondaire portera essentiellement l'expansion économique. La forte impulsion de 228,2% dans les industries extractives, due au début d'exportation du Nickel et Cobalt et la poursuite de la production d'ilménite, en sont le principal moteur. Il faut également noter la reprise à 4,0% dans le secteur énergétique qui se focalise beaucoup sur les énergies renouvelables, et auquel le gouvernement accorde une certaine priorité. De même, un niveau similaire de croissance sera observé au niveau de la branche industrie alimentaire sous l'effet de la reprise du tourisme et de la relance dans la filière laitière.

Quant au secteur tertiaire, ce dernier affichera une croissance de 2,9% pour 2011. Avec les projets de construction, de réhabilitation et de finalisation d'infrastructures prévus tels que les travaux dans le bassin de Radoub, la réhabilitation de la RN 44 ; la branche BTP connaîtra un essor important par rapport à 2010 en

passant de -17,5% à 5,2%. Les transports de voyageurs et de marchandises ainsi que les auxiliaires de transports contribueront aussi à cette croissance avec des variations respectives de 5,5% ; 2,6% et de 2,1%. Cela découle de la reprise observée dans le secteur touristique, quoique encore modeste. Enfin, la branche des télécommunications sera constamment en extension à 4,0% avec l'évolution de la technologie et le développement de la connexion à haut débit.

Cette croissance, associée à l'adoption de politiques budgétaire et monétaire prudentes assurera une bonne maîtrise de l'inflation à 7,6% en glissement de fin de période pour 2011, soit une baisse par rapport à l'année 2010 qui était de 9,8%. Ceci résulte notamment d'une projection des prix du pétrole et du riz sur le marché international plus stables en 2011.

La détérioration moyenne du taux de l'Ariary par rapport au DTS est évaluée à 6,4% contre 2,0% en 2010. Le recul de la position de la monnaie en 2010 est expliqué par les conjonctures économiques exceptionnelles de cette année : détérioration importante des principales devises (Euro et USD), flux de devises du consortium WISCO ainsi que l'intervention de la Banque Centrale au niveau du marché des changes. Une hypothèse de retour à la tendance normale est faite en 2011 et l'Ariary s'afficherait à 3 345,1 Ariary/DTS en moyenne période.

Avec cette variation du prix et ce taux de change, la valeur nominale du Produit Intérieur Brut (PIB) est alors évaluée à 20 174,8 milliards Ariary. Par ailleurs, l'équilibre macroéconomique sera, entre autres, assuré par un niveau d'investissement à 6 320,8 milliards Ariary, et des importations et exportations respectivement à 8 662,7 milliards et 5 380,0 milliards Ariary.

Objectifs dans les finances publiques

Dans un contexte de changement et de relance au niveau de la politique économique et financière de l'Etat, la gestion des finances publiques repose toujours sur le maintien des équilibres économiques et financiers. Cet objectif implique un budget programme dans le cadre d'une politique d'austérité et de bonne gouvernance et une gestion axée sur les résultats du développement donc une bonne gestion des dépenses tout en tenant compte des recettes de l'Etat.

En matière de recettes, grâce à l'essor des activités économiques notamment celles liées à la branche des industries extractives, et les Bâtiments et Travaux Publics (BTP), le total des revenus de l'Etat devrait atteindre un niveau de 2 906,4 milliards Ariary. Ces secteurs économiques, raffermis par l'afflux de nouveaux investissements, engendreront en effet des ressources, ainsi que des exportations et importations accrues. Ce regain induira une progression du taux de pression fiscale à 11,5%; et les recettes fiscales s'établiront donc à 2 310,1 milliards Ariary.

Ensuite, en termes de consommation publique, les dépenses de fonctionnement devront surtout assurer la mise en place de la IVème République (réalisation des différentes élections, instauration des nouvelles institutions, ...). Elles seront augmentées d'un montant de 211,8 milliards Ariary par rapport à l'année précédente. Quant aux dépenses en capital, ces dernières seront estimées à un niveau de 1 265,6 milliards Ariary en raison du renforcement au niveau des infrastructures avec la collaboration des investisseurs privés. En outre, le niveau des financements extérieurs s'appréciera jusqu'à un total de 773,8 milliards Ariary. Ainsi le déficit public devra être contenu à 3,0% du PIB.

Prévision dans le secteur extérieur

Pour 2011, une amélioration de la structure des échanges avec l'extérieur est attendue même si globalement le déficit aura quelque peu tendance à se creuser. La balance globale sera en effet déficitaire de 182,8 millions de DTS contre 96,1 millions l'année précédente. L'altération au niveau du compte de capital et financier par rapport à un compte courant sensiblement stable expliquera cette détérioration de la position extérieure.

La balance courante sera tablée à -851,1 millions de DTS si elle était à -896,1 millions de DTS en 2010. En effet, bien que Madagascar prévoie d'accroître son niveau d'exportations jusqu'à 26,7% du PIB, l'augmentation du niveau des importations à raison de 9,9% maintiendra une perte au niveau du commerce de biens et services. Le solde des biens et services sera alors déficitaire de 981,3 millions de DTS en 2011 contre 989,4 millions de DTS en 2010. Cependant, le taux de couverture des exportations dans les échanges commerciaux progressera de 58,0% à 62,1%. Le solde des revenus des investissements et celui des transferts courants s'amélioreront également, et devront s'établir respectivement à -79,3 millions de DTS et à 209,5 millions de DTS, contre des niveaux antérieurs de -82,7 millions de DTS et 175,9 millions de DTS.

Le solde des transactions financières et en capital affiche une forte altération en passant de 846,2 millions à 668,3 millions de DTS en 2011. La baisse se trouve notamment au niveau du compte des opérations financières qui affiche des résultats plus modestes. Le solde du compte est estimé à 572,8 millions de DTS, s'il est de 756,5 millions en 2010. La diminution des investissements directs étrangers liée à la fin des installations des projets miniers en est l'une des principales causes.

Objectifs en termes de politique monétaire

Les troubles politiques ont provoqué une forte volatilité de l'Ariary par rapport aux principales devises. Ses impacts sur le tourisme, combinés à la suspension des aides budgétaires et la contraction des Investissements Directs Etrangers n'ont pas amélioré les recettes en devise alors qu'une sortie excessive a été constatée par rapport aux règlements des importations et aux paiements des dettes extérieures. De ce fait, la politique de relance visera, entre autres objectifs, à maintenir la valeur de l'Ariary. Cette politique devra stabiliser le taux de change, renforcer notre position extérieure en matière d'échanges commerciaux et attirer les investisseurs pour une meilleure visibilité dans l'environnement économique.

A. LES RECETTES

1. IMPOTS

Les dispositions fiscales de la loi de finances pour 2011 priorisent la relance économique tout en poursuivant les réformes engagées depuis 2008.

De ce fait, des mesures à visée écologique, économique, sociale sont prises :

- Abaissement du taux des Impôts sur les Revenus de 23% à 22% (IR, IDH, IRSA, IRCM, IPVI). Ce taux est applicable aux exercices clôturés au cours de l'année 2011 pour l'impôt sur le revenu (IR).

- Sécurisation des recettes des droits d'enregistrement.

- Exonération en matière de TVA des matériels et équipements pour la production d'énergies renouvelables.

- Relèvement du montant des amendes sur les boissons alcooliques dicté par l'assainissement du secteur.

En outre, des précisions en matière d'obligations des contribuables en début d'activité, en cours et en fin d'exploitation sont apportées. L'activité des grossistes est soumise à une autorisation préalable du Ministère des Finances et du Budget. Le visa de conformité des états financiers par l'Administration fiscale est rendu obligatoire pour prévenir les faux bilans.

Toiletage, rectification des erreurs matérielles et mise en conformité et cohérence avec d'autres lois complètent les nouvelles dispositions.

2. DOUANES

2-1- SUR LE CODE DES DOUANES

Dans le cadre des réformes législatives initiées par la Loi de Finances 2011, l'Administration des douanes a déterminé deux axes stratégiques pour faire face aux impacts de la crise actuelle, dont :

a. La sécurisation des recettes :

Dans ce contexte, il a été procédé à la modification des dispositions relatives à la valeur en douane afin d'asseoir au niveau national le principe consacré par l'Accord de l'OMC concernant le renversement de la charge de la preuve.

Par ailleurs, des dispositions spécifiques sur la garantie douanière ont été introduites afin de sécuriser les droits de douane suspendus en cas de bénéfice d'un régime économique.

En outre, une précision a été apportée sur la responsabilité de chaque département ministériel concerné et sur les dispositions réglementaires qu'il doit prendre dans le cadre d'une franchise des droits et taxes à l'importation.

b. L'appui au secteur privé à travers la réforme des régimes économiques :

Les dispositions générales sur les régimes économiques (perfectionnement actif, entrepôt) ont été révisées afin d'améliorer l'application des dispositions y afférentes conformément à la Convention d'Istanbul sur le régime de l'Admission Temporaire.

Dans le cadre de la réforme des régimes économiques, des précisions ont été apportées en ce qui concerne le délai du régime, d'entrepôt et la prorogation autorisée pour des régimes suspensifs (entrepôt et exportation temporaire).

Enfin, des modifications ont été apportées quant aux opérations autorisées en matière de régime économique, à la procédure de dédouanement ainsi qu'au mode de calcul des droits et taxes relatifs au régime d'entrepôt.

2-2- SUR LE TARIF DES DOUANES

Des mesures ont été prises afin de promouvoir le développement des sociétés nationales et de contribuer ainsi à la relance de l'économie malgache dont ci-après les grandes lignes :

- o Uniformisation du taux du Droit de Douane sur les machines et appareils ;

- Soutien au développement du Secteur Agricole et celui de l'élevage par la réduction du taux du Droit de Douane (exemple : poussin d'un jour, semence animale...);
- Promotion des sources d'énergies renouvelables pour une facilitation de l'accès à l'énergie grâce à l'allègement du taux du Droit de Douane ;
- Harmonisation du taux du Droit de Douane sur les chaussures de sport.

B. LES DEPENSES

1. ENVIRONNEMENT DES DEPENSES

L'année 2011 sera une année capitale pour Madagascar à la fois sur le plan politique que sur le plan économique. Ainsi, dans le cadre de la mise en place de la IV^{ième} République, le premier semestre serait marqué par les élections législative et présidentielle. Dans le domaine de l'économie, une politique de relance sera menée tout en gardant la stabilité macroéconomique et financière. Ainsi, un nouveau Code des Investissements sera mise en place, marqué par une politique fiscale et douanière incitative, favorisant les outils de production dans certains secteurs notamment l'agriculture, les nouvelles technologies de l'information et de la communication, le tourisme et l'énergie, en particulier les énergies renouvelables.

Compte tenu du contexte socio-économique national, la politique d'austérité est poursuivie pour une bonne gestion des finances publiques. En outre, les dépenses publiques sont axées non seulement sur les activités contribuant à la croissance économique, mais surtout sur celles qui ont des impacts tangibles sur la vie de la population.

Parmi les priorités de l'Etat figurent:

- Le soutien de la production agricole par l'appui à la fourniture de semences;
- La relance du tourisme ;
- Le renforcement du secteur énergie ;
- Le développement de l'accès aux services de santé et d'éducation ;
- Le renforcement de la sécurité des biens et des personnes ;
- Le bon fonctionnement de l'Administration.

Les crédits budgétaires, hors intérêts de la dette, octroyés aux Institutions et aux Ministères dans cette Loi de finances 2011 atteindront 3 103,7 milliards Ariary.

2. LES DEPENSES DE SOLDE

Les dépenses de solde connaissent une augmentation à environ 105,0 milliards Ariary par rapport à la Loi de Finances Rectificative 2010, pour atteindre un niveau de 1 035,0 milliards Ariary. Cette hausse se traduit par le paiement des avantages et des dépenses relatives aux avancements des fonctionnaires, la continuation du paiement des salaires et des pensions des agents retraités, ainsi que l'application du texte adopté en conseil des ministres relatif à la mise en place de nouvelles grilles indiciaires, notamment pour les médecins. Toutefois, le remplacement numérique des personnes partant en retraite sera suspendu jusqu'à nouvel ordre.

3. LES DEPENSES DE FONCTIONNEMENT HORS SOLDE

Afin d'assurer le bon fonctionnement de l'Administration, les dépenses hors solde sont programmées à 816,9 milliards Ariary, soit une augmentation de 36,2% par rapport à celles inscrites dans la LFR 2010 qui s'élevaient à 600,0 milliards Ariary. Les transferts occupent 54,5% de ces dépenses pour un montant de 445,0 milliards Ariary, viennent ensuite les biens et services pour 291,5 milliards Ariary, soit 35,7%. Le reste d'un montant de 80,4 milliards Ariary est affecté aux paiements des indemnités.

4. LES DEPENSES D'INVESTISSEMENT

LE PROGRAMME D'INVESTISSEMENT PUBLIC (PIP)

En ce qui concerne les dépenses d'investissement dans le cadre du Budget Général, elles connaissent une augmentation de 32,7% par rapport à la loi de finances rectificative 2010, passant de 943,6 milliards Ariary à 1251,9 milliards Ariary en 2011. Les financements de sources extérieures constituent 60,7% de l'enveloppe globale du PIP.

Les grands axes d'orientation du Programme d'Investissement Public (PIP) visent à redresser l'économie. Ils concerneront, entre autres, la poursuite des constructions et/ou réhabilitations des infrastructures productives et sociales à impacts directs au niveau de la population. Ils contiendront également la pérennisation des investissements effectués pour la mise en œuvre de la politique de décentralisation et de déconcentration ainsi que la promotion du secteur privé - véritable moteur du développement économique.

Le tableau ci-après montre les répartitions sectorielles du PIP :

SECTEUR	FINANCEMENT		
	EXTERIEUR	INTERIEUR	ENSEMBLE
Productif	12,9%	3,5%	16,4%
Infrastructure	22,9%	8,8%	31,7%
Social	21,6%	12,1%	33,7%
Administratif	3,7%	14,5%	18,2%
TOTAL	61,1%	38,9%	100,0%

LE PIP PAR SECTEUR

Répartition Sectorielle du PIP en 2011

Secteurs Infrastructure et productif

Le secteur infrastructure regroupe les programmes touchant les Travaux Publics, les Transports, l'Energie, l'Eau et l'Assainissement et l'Urbanisme/Aménagement du Territoire. Il bénéficie de près de 31,7% de l'enveloppe du PIP. Les grandes orientations stratégiques pour 2011 seront axées sur la poursuite de l'entretien et de la réhabilitation des infrastructures existantes. Les efforts seront aussi axés sur le développement des infrastructures électriques et des ressources d'énergie locale, la mise en place des infrastructures d'assainissement, la réhabilitation et l'entretien des axes prioritaires ainsi que les ouvrages d'art.

Le secteur productif regroupe les interventions dans le domaine de l'Agriculture, de l'Elevage, de la pêche et de Sylviculture, de l'Industrie, de l'Artisanat, des mines, du tourisme et de l'Environnement. Il est soutenu par une enveloppe de 16,4% du PIP. Ce secteur met l'accent sur l'augmentation de la productivité, l'amélioration des cadres de vie des paysans producteurs ainsi que la protection de l'environnement. Dans le domaine de l'énergie, la promotion d'électrification rurale sera envisagée par l'opérationnalisation du 3ème groupe d'Andekaleka afin de promouvoir l'électrification rurale.

Secteurs Administratifs et Sociaux

Un nouvel élan sera escompté pour cette année 2011 au niveau du secteur administratif de telle manière que l'Etat tende à renforcer la sécurité des biens et personnes et aussi à assurer le bon fonctionnement de l'administration surtout en matière (de l'administration) fiscale. Ainsi, 18,2% de l'enveloppe globale du PIP sera consacrée au secteur administratif.

Pour ce qui est du secteur social, le développement au niveau de la santé et de l'éducation sera de mise. En effet, le gouvernement mettra en avant aussi bien les intérêts du peuple que la relance économique en développant l'accès aux services de la santé et de l'éducation, ainsi qu'en améliorant les infrastructures sociales. Dès lors, le secteur bénéficiera de 33,7% de l'enveloppe totale du PIP.

C. DETTE PUBLIQUE

DETTE EXTERIEURE

Suite à la signature des Accords de traitement de la dette vis-à-vis de la Fédération de Russie et celle vis-à-vis de l'Irak, le montant à rembourser pour l'année 2011 s'élève à 123,0 milliards Ariary en principal et 51,6 milliards Ariary en intérêts. Après déduction de l'assistance IPTE des autres créanciers multilatéraux s'élevant à 17,3 milliards Ariary, le service de la dette à régler est ramené à 157,3 milliards Ariary.

DETTE INTERIEURE

Les intérêts servis sur les bons du Trésor par adjudication et les charges relatives aux titres de créances issues de l'opération de titrisation des créances de la Banque Centrale sur l'Etat ainsi que de la recapitalisation de la Banque Centrale sont les principales composantes des charges de la dette intérieure.

Les charges de la dette intérieure prévues pour 2011 s'élèvent à 122,4 milliards Ariary.

D. LES COMPTES PARTICULIERS DU TRESOR

Dans la loi de finances 2011, les montants des recettes et des dépenses des comptes de commerce s'équilibreront à 231,8 milliards Ariary dont 224,5 milliards Ariary pour les Caisses de retraites.

Les prises de participation de l'Etat aux entreprises publiques et les contributions aux organismes internationaux se totalisent à 141,1 milliards Ariary dont 93,9 milliards Ariary au titre de la consolidation en capital des services de la dette retournée par l'Etat à la JIRAMA.

E. LES AIDES GENERATRICES DE FONDS DE CONTRE-VALEUR (FCV)

Les fonds de contre-valeur (FCV) générés par les aides extérieures suivant les conventions existantes se chiffrent à 0,6 milliard Ariary et les dépenses de fonctionnement sont évaluées à 1,0 milliard Ariary.

F. LES OPERATIONS EN CAPITAL DE LA DETTE PUBLIQUE

Le concours intérieur au financement du déficit budgétaire sera assuré par des émissions des Bons du Trésor par adjudication auprès du secteur non bancaire à concurrence de 90,0 milliards Ariary représentant le montant des souscriptions nettes des remboursements.

En ce qui concerne le financement extérieur des bailleurs de fonds, il est prévu dans la loi de finances 2011 des appuis des partenaires étrangers de 356,9 milliards Ariary afin de financer le Programme d'Investissement Public.

Tel est, l'objet de la présente Loi.



**LALANA LAHARANA FAHA 2010-001
TAMIN'NY 22 DESAMBRA 2010
NATAO HO LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA
HO AMIN'NY TAONA 2011**



FAMELABELARANA NY ANTONANTONY

Miompana indrindra amin'ny fitandroana ny fanamarinan-toerana ny toekarena sy ny fananganana ireo rafitry ny Repoblika faha-IV ny paikady nosafidian'ny Fitondram-panjakana malagasy ho amin'ny taona 2011. Araka izany, taorian'ny tetezamita naharitra roa taona, i Madagasikara dia hifantoka amin'ny fampijoroana ireo Andrim-panjakan'ny Repoblika mba ahafahan'ny rafitra politika mampivelatra ny toekarena ao anatin'ny tontolo demokratika. Ny votoatin'ity tetibolam-panjakana ity dia maneho ireo fanamby lehibe ho an'ny Firenena amin'ny taona 2011 : fanatanterahana ny Tetezamita hatramin'ny farany ary ny fametrahana fototra tsara ho amin'ny fampiantanana ny toekarena ao anaty Repoblika vaovao.

Noho izany, mifanaraka indrindra amin'ny politikam-panjakana momba ny famatsiana ara-bola sy ny fandania dia ho raketina ato amin'ity Lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakàna ity ireo fandania mikasika ny fifidianana isankarazany na nasionaly izany na ifotony. Ho hita taratra amin'ireo fandania ihany koa ny fahavononana hiantoka ny fampandehanana ny raharaham-panjakana araka ny tokony ho izy sady manaja ny politikam-pitsitsiana. Ny sehatra ara-panjakana dia hiantoroka ny fitombon'ny harikarena ary ho tsapa eo amin'ny fahombiazan'ny sehatra tsy miankina ny fanatsarana ny tontolon'ny fampiasam-bola. Amin'ny alàlan'ity Lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakàna ity, ny Fanjakana dia hanome ny hoenti-manana mba ahafana mampihodina sy mampaharitra ireo fotodrafitrasa sy ireo asa izay efa natomboka ho fitsinjovana ny mponina. Ny Fanjakana dia mamaly ny filàna ara-tsosialy amin'ny fanorenana sekoly ambaratonga voalohany, sy amin'ny fanorenana trano fonenana mora vidy. Ireo tetikasa ireo dia manana tanjona ara-toekarena toy ny famoronan'asa. Eo andanin'izany dia natsangana ny "haraton'aina" ho an'ireo fianakaviana tena sahirana.

I. VOKATRA ARA-TOEKARENA SY ARA-BOLA TAMIN'NY TAONA 2010

Famokarana

Taorian'ny iray taona nisian'ny krizy, ny taona 2010 dia noheverina ho taona hanentanana indray ny toekarena amin'ny alàlan'ireo seha-pamokarana ahitam-bokatra haingana toy ny fizahantany, ny angovo ary hairaha vaovaon'ny fifandraisan-davitra sy ny serasera. Tsapa fa nisy ihany ny fitombonan'ny toekarena na dia tsy nisongadina loatra aza izany satria 0,6% ny tahatombon'ny harikarena raha toa ka -3,7% fotsiny izany teo aloha. Na izany aza, mbola hita taratra hatrany ny fiantraikan'ny krizy indrindra teo amin'ny sehatry ny fampiasam-bola sy famokarana noho ny tsy fisian'ny tohana ara-tetibola. Mitentina 9,8% ny tahan'ny sondrobidy raha notombanana ho 13,7% izany tany am-boalohany.

Ho an'ny seha-pamokarana voalohany, ny taha-pitomboana 1,1% dia avy amin'ny sampam-pamokarana fitrandrahana ala izay nahitana fitomboana 0,1% raha 30,4% izany teo aloha. Manazava izany fitomboana izany ny ezaka nataon'ny Fanjakana amin'ny famongorana ny fitrandrahana tsy ara-dalàna ny hazo sarobidy toy ny zaramena. Andaniny kosa dia nampihena ny tanjak'io seha-pamokarana io ny nanafoanana ny fanampiana ara-bola ny kojakoja ilaina amin'ny fambolena.

Raha mikasika ny seha-pamokarana faharoa indray, ny taha-pitomboana 2,1%, izay -7,4% tamin'ny taona 2009, dia avy amin'ny sampam-pamokarana fitrandrahana harena ankibon'ny tany izay nahitana fitomboana 121,3% na dia teo aza ny fanemorana ny fotoana hanombohana ny famokarana sy ny fanondranana Fasi-mainty, Nikela sy Kobalta ataon'ireo tetikasa roa lehibe eo amin'ny sehatry ny harena ankibon'ny tany dia ny QMM sy ny Sherrit. Ny famokarana ataon'ny orinasa mpanodina lamba sy ny orinasa afakaba kosa dia mbola mitotongana hatrany noho ny fitohizan'ny fampiatoana an'i Madagasikara tsy ho isan'ny mpahazo tombotsoa amin'ny AGOA.

Ny seham-pamokarana fahatelo irery ihany no nahitana fijotsoana izay nahatratra -0,1% vokatry ny tsy fivoarana tsapa eo anivon'ny sampam-pamokarana Taotrano sy Taozava-baventy izay nahitana fihemorana -17,5%.

Fitantanam-bolam-panjakana

Nanamarika ny taona 2010 ny fitohizan'ny tsy fahazoana famatsiam-bola avy any ivelany sy ny fihenana'ny vola miditra avy amin'ny hetra. Na izany aza anefa, nahitana fitomboana ny vola niditra tsy avy amin'ny hetra izay avy amin'ny sara fandoa amin'ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany ao Soalala izay ataon'ny vondrona sinoa WISCO. Ny fanitsiana ny tetibola dia tsy azo nihoarana tamin'ny taona 2010, ka nanovàna ny lalàna mifehy ny fitantanam-bola.

Raha ny mikasika ny fitantanana ny tetibola taona 2010 indray, ny Fitondram-panjakana Malagasy dia nametraka fomba fijery telo loha dia: ny fitsitsiana, ny fanjakana tsara tantana ary ny mangarahara. Noho ny toetry ny fihariankarena ankehitriny, dia nahena ho 1 904,7 miliara Ariary ny vola miditra avy amin'ny hetra raha toa ka 2 117,4 miliara Ariary izany araka ny vinavina tany am-boalohany, izany hoe 212,7 miliara Ariary no tsy tratra. Nefa kosa, ny vola miditra tsy avy amin'ny hetra dia nahatsapana fitomboana izay nahatratra 270,6 miliara Ariary raha notombanana ho 55,2 miliara Ariary monja izany tany ampiandohana. Ireo fidiram-bola ireo dia mahatratra 2 175,3 miliara Ariary ka 10,5% no tahan'ny tsindrin-ketra mifanandrify amin'izany.

Eo amin'ny lafiny fandaniambolam-panjakana indray, dia loharanom-bola madiodio (avy amin'ny hetra sy tsy avy amin'ny hetra) no nahafahana nanao izany amin'ny ankapobeny. Nahena ho 2 886,7 miliara Ariary ny fitambaran'ny fandaniana, izany hoe nisy fihenana 558,8 miliara Ariary raha oharina amin'ny tetibola teo

ampiandohan'ny taona 2010. Ny Sampan'asan'ny Fiarovana sy ny Filaminana Anatin'ny, ny Fitantanana ny Fahefana Avon'ny Tetezamita ary ny Filankevitra Ambony ho an'ny Tetezamita ihany no nahazo fampitomboana kely ny tetibola. Saika nahena avokoa ny tetibola nomena ny Ministera sy ireo Andrimpanjakana. Noho izany dia nihatsara ny fatiantoka ara-tetiboka ka lasa 1,9% n'ny Harikarena Faobe raha novinavinaina ho 3,2% izany tany ampiandohana.

Sehatra ivelany

Raha ny momba ny sehatra ivelany, andaniny, tsapa fa misy fihatsaràny ny toe-danja ara-barotra ivelany izay nahatratra 920,2 tapitrisa DTS sy ny toe-danja amin'ny fifanakalozana asa aman-draharaha izay nahatratra 69,2 tapitrisa DTS. Izany dia mitarika fatiantoka tsy dia lehibe loatra eo amin'ny toe-danjampifanakalozana tsotra raha oharina ny tamin'ny taona 2009, izay 1 179,8 tapitrisa DTS ka nihena ho 896,1 tapitrisa DTS. Ankilany, ny kaontim-pampiasam-bola dia nahitàna ambimbava 846,2 tapitrisa DTS, izany hoe nihena kokoa raha oharina amin'ny taona 2009 izay nahatratra 1 105,5 tapitrisa DTS. Noho ireo toe-javatra ireo, dia 96,1 tapitrisa DTS no hany sisa fatiantoka amin'ny toe-danjampifanakalozana amin'ny any ivelany.

Sehatra ara-bola

Noho ny politika ara-bola malina nataon'ny Banky Foiben'i Madagasikara sy ny tsy dia fiovaovan'ny vidin'ny solika loatra eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena, dia nihamarin-toerana ny Ariary amin'ny sandany andavanandro raha oharina amin'ireo vola vahiny, na dia teo aza ny fahamaivanan'ny sandany nandritra ny enim-bolana voalohan'ny taona 2010. Ambonin'izany, ny fihatsaran'ny toe-draharaha ara-toekarena dia hita taratra amin'ny fahamaroan'ny fampisamboram-bola ho an'ny toekarena izay 1 923,0 miliara Ariary ka lasa 2 003,0 miliara Ariary teo anelanelan'ny volana Janoary sy Jona 2010. Voafehy ho 9,8% ny tahan'ny sondrombidy raha novinavinaina ho 13,6% izany tamin'ny Hitsivolana momba ny tetibolam-panjakana 2010 teo amboalohany.

II. VINAVINA ARA-TOEKARENA SY ARA-BOLA HO AN'NY TAONA 2011

Tanjona momba ny fitomboan'ny harikarena sy ny fisondrotry ny vidim-piainana

Hanan-danja ny taona 2011 na eo amin'ny lafiny politika na ny lafiny ara-toekarena. Eo amin'ny lafin'ny fihariana ara-toekarena, hisy ny politika fanentanana indray ny toekarena kanefa tsy maintsy ho tazonina koa ny fifandanjana ara-faobe sy ara-bola. Ny sehatry ny fambolena, ny fizahan-tany ary ny hairaha vaovao ny fifandraisana no tena hitondra ny fanentanana eritreretina.

Ny tahan'ny fitomboan'ny Harinkarena Faobe amin'ny taona 2011 dia heverina ho 2,8% ka -0,2% ho an'ny sehatra voalohany, 12,6% ho an'ny sehatra faharoa ary 2,9% kosa ho an'ny sehatra fahatelo.

Ny sehatry ny fambolena no tena hanana toerana lehibe eo amin'ny seha-pamokarana voalohany, satria dia heverina fa ho 2,0% ny taham-pitomboan'ny fambolena raha 0,7% tamin'ny 2010. Mbola hazonina ireo fepetra fanalefahana ny hetra amin'ny entana fampitaovana sy ny akora fambolena. Izany dia mba entina hanatsaràna hatrany ny vokatra. Ankoatra izay, hisy ny fanitarana ireo tany fambolena amin'ny alalan'ny fiparitahan'ireo tantsaha mpandrara vaovao, sy ny fanamboarana foto-drafitrasa fanondrahana sy fitarihandrano. Ny sampam-pamokarana fitrandrahana ala no tena hihemotra be (-20,0%) noho ny fijanonan'ny fanapahana tsy ara-dalàna ny zaramena.

Ny seha-pamokarana faharoa no mitondra ny firoboroboana ara-toekarena. Ny firoboroboana

mavesatra (228,2%) eo anivon'ny sampam-pamokarana fitrandrahana harena ankibon'ny tany vokatry ny fiantombohan'ny fanondranana ny Nikela, ny Kobalta sy ny fitohizan'ny famokarana Fasimainty no votoatiny. Tsy azo adinoina ihany koa ny fiarenandoha (4,0%) ao amin'ny sehatry ny angovo, izay mifantoka be dia be tokoa amin' ny angovo azo havaozina, ary omen'ny fitondram-panjakana lanjany ambony. Eo ihany koa, ny fitovian'ny fitomboana izay tazana eo anivon'ny sampan'ny taozava-baventy fanodinana sakafo tarihin'ny fiarenandohan'ny fizahan-tany sy ny fanentanana indray ao amin'ny sampanasa famokarana ronono.

Raha ny seha-pamokarana fahatelo kosa, dia hisy fitomboana 2,9% amin'ny 2011. Miaraka amin'ny vinavinan'asa ny fanamboarana, fanavaozana ary ny famaranana ny fotodrafitrasa novinavinaina toy ny asa mikasika ny fitodiam-tsambo mirary vaton'i Radoub, ny fanavaozana ny lalam-pirenena faha-44; ny sampam-pamokarana Taotrano sy Taozava-baventy dia hahitana fivoarana lehibe raha ampitahaina tamin'ny taona 2010 izay niainga avy amin'ny -17,5 % ka tonga 5,2%. Ny sehatra fitaterana entana sy fitateram-bahoaka, tahaka izany koa ireo saikinasa mifandray amin'ny fitaterana sy varotra dia mandray anjara ihany koa amin'ny io fiaboana io izay manana fiovana tsirairay: 5,5%, 2,6% ary 2,1%. Izay rehetra voalaza teo aloha teo dia vokatry ny fiarenandohan'ny sehatry ny fizahan-tany, izay marihina fa mbola tsy misongadina. Farany, ny sehatry ny fifandraisan-davitra izay tsy mitsaha mitombo (4,0%) miaraka amin'ny fampivoarana ny hairaha sy ny fampandrosoana ny fifandraisana hairaha haingam-pandeha.

Izany fitomboan'ny harikarena izany arahin'ny fametrahana ny politikam-pitandremana ara-tetibola sy ara-bola no hahafahana mifehy ny fiakaran'ny vidim-piainana amin'ny taona 2011 ho 7,6%, raha toa ka 9,8% izany tamin'ny taona 2010. Izany dia azo avy amin'ny tombatomban'ny vidin'ny solika sy ny vary eo amin'ny tsena iraisam-pirenena izay marin-toerana ho an'ny taona 2011.

Vinavinaina ho 6,4% ny fiharatsiana amin'ny ankapoben'ny sandam-pifanakalozan'ny Ariary oharina amin'ny DTS raha toa ka 2,0% izany tamin'ny taona 2010. Manampy ny fanazavana izany ny tranga ara-toekarena miavaka tamin'io taona io, izany hoe ny faharatsian'ny vola vahiny Euro sy USD, ny koriam-bola vahiny azo avy amin'ny vondrona WISCO ary koa ny filatsahan'ny Banky Foibe an-tsehatra teo amin'ny tsena fifanakalozam-bola. Heverina fa hiverina amin'ny laoniny sy hilamina izany ny taona 2011 ka hahatratra 3 345,1 Ariary/DTS raha salaina anelanelan- taona.

Raha ny fiovaovan'ny vidim-piainana sy ny sandam-pifanakalozana no jerena dia tomanana ho 20 174,8 miliara Ariary ny Hari-Karena Faobe. Ankilany, ny fifandanjana harifaobe dia iantohan' ny fari-pampiasam-bola izay mahatratra ho 6 320,8 miliara Ariary ary ny fanafarana sy fanondranana entana izay mitentina avy ho 8 662,7 miliara Ariary sy 5 380,0 miliara Ariary.

Tanjona ho an'ny fitantanam-bolam-panjakana

Ao anatin'ny fanovana sy fanentanana indray eo amin'ny sehatry ny politika ara-toekarena sy ara-bola ataon'ny Fanjakana, ny fitantanana ny volam-panjakana dia mitaky hatrany ny hitazonana ny fifandanjana ara-toekarena. Io tanjona io dia mitaky fandrafetana tetibola manaraka fandaharan'asa, ao anatin'ny fampiharana ny politikan'ny fitsitsiana sy ny Fanjakana tsara tantana ary ny fitantanana mifantoka amin'ny fampandrosoana, izany hoe fitantanana ara-drarin'ny fandanianana izay tsy tokony hifanalavitra amin'ny vola miditra amin'ny Fanjakana.

Mikasika ny vola miditra, noho ny firoboroboan'ireo asa mampidi-bola toy ny sampana fitrandrahana harena an-kibon'ny tany sy Taotrano ary Taozava-baventy, ny fidiram-bolam-panjakana dia tokony hahatratra 2 906,4 miliara Ariary. Ireo seha-pamokarana ireo, izay hohamafisin'ny fahatongavan'ireo mpampiasa vola vaovao, dia hitondra fidiram-bola, manampy izany koa ny fitomboan'ny fanondranana sy fanafarana entana.

Ireo fidiram-bola ireo dia hahafahana maminavina tahan'ny tsindriketra ho 11,5%; Vinavinaina ho 2 310,1 miliara Ariary noho izany ny vola miditra avy amin'ny hetra.

Manaraka izany, raha ny momba ny fanjifana ataon'ny Fanjakàna, ny fandania ho amin'ny fampandehanan-draharaha dia miompana indrindra amin'ny fametrahana ny Repoblika faha-IV (fanatanterahana ireo fifidianana isan-karazany, fametrahana ireo Andrim-panjakana vaovao,...). Miampy 211,8 miliara Ariary izany fandania izany raha oharina amin'ny taona teo aloha. Ny fampiasam-bola ho amin'ny famokarana kosa dia vinavinaina ho 1 265,6 miliara Ariary vokatry ny fampitomboana ireo fotodrafitrasa izay hiarahana amin'ireo mpampiasa vola amin'ny sehatra tsy miankina. Vinavinaina ho 773,8 miliara Ariary ny famatsiam-bola avy any ivelany. Noho izany, ny fatiantoka eo amin'ny tetibola dia tokony ho voafehy ho 3,0% ny Harikarena Faobe.

Vinavina ho an'ny sehatra ivelany

Amin'ny taona 2011, dia andrasana ny fihatsaran'ny endriky ny fifanakalozana amin'ny any ivelany na dia hitombo miandalana aza ny fatiantoka amin'ny ankapobeny. Ny fifandanjan'ny fifanakalozana ankapobeny dia hahitana fatiantoka 182,8 tapitrisa DTS izay 96,1 tapitrisa teo aloha. Ny fiovaovana eo anivon'ny kaontin'ny renivola raha oharina amin'ny kaonty andavanandro izay tsy mbola marin-toerana tsara no hanazava io fitotongan'ny toe-bola ivelany io.

Ny fifandanjana tsotra dia vinavinaina ho -851,1 tapitrisa DTS raha -896,1 tapitrisa DTS izany ny taona 2010. Noho izany, na dia haminavina ny hampitombo hatramin'ny 26,7%-n'ny Harikarena Faobe ny fanondranana vokatry aza i Madagasikara dia tsy maintsy hisy fatiantoka eo amin'ny fifanakalozana entana sy asa aman-draharaha amin'ny any ivelany noho ny fitomboana 9,9% amin'ny fanafarana entana avy any ivelany. Hahatratra 981,3 tapitrisa DTS ny fatiantoka amin'izany fifanakalozana entana aman-draharaha amin'ny any ivelany amin'ny taona 2011 raha 989,4 tapitrisa DTS izany ny taona 2010. Na izany aza anefa, ny tahapandrakofan'ny fanondranana entana eo amin'ny fifanakalozana ara-barotra amin'ny any ivelany dia hitombo ho 62,1% raha 58,0% izany teo aloha. Ny hanisisa amin'ny fidiram-bola avy amin'ny hana-pamokarana sy ny famindram-bola andavanandro dia hihatsara ihany koa ary vinavinaina ho -79,3 tapitrisa DTS sy 209,5 tapitrisa izany raha -82,7 tapitrisa DTS sy 175,9 tapitrisa DTS izany teo aloha.

Ny hanisisa amin'ny fifanakalozana ara-bola sy renivola dia hahitana fiovaovana lehibe ka hahatratra 668,3 tapitrisa DTS izany ny taona 2011 raha 846,2 tapitrisa DTS teo aloha. Ny fihenana dia ho tsapa eo anivon'ny kaontin'ny fandraharahana ara-bola izay hahitana vokatry antonony. Ny hanisisa amin'io kaonty io dia vinavinaina ho 572,8 tapitrisa DTS raha 756,5 tapitrisa DTS izany ny taona 2010. Antony iray amin'izany ny fihenana'ny fampiasam-bola mivantana avy any ivelany vokatry ny fahavitan'ny fametrahana ireo fotodrafitrasa amin'ny tetikasa fitrandrahana harena an-kibon'ny tany.

Zava-kendrena momba ny politika ara-bola

Ny korontana ara-politika no nahatonga ny Ariary ho tena maivan-danja raha oharina amin'ireo vola vahiny mahazatra. Ny fiantraikan'izany amin'ny fizahantany, izay nifanindran-dàlana amin'ny fiatoan'ny fanampiana ara-tetibola sy ny fihenana'ny fampiasam-bola mivantana avy any ivelany dia tsy nahafahana nanatsara ny fidiran'ny vola vahiny kanefa etsy andaniny ny fivoahan'ny vola vahiny dia tsy nitsaha-nitombo noho ny fandoavana ny vidin'ireo entana nafarana sy ny fanefana ny trosa ivelany. Noho izany, ny politika fanarenana dia mikendry indrinda ny fitandroana ny sandan'ny Ariary. Io politika io dia hiantoka ny fahamari-toeran'ny sandam-pifanakalozana vola vahiny, ny fanamafisana ny toeran'i Madagasikara eo amin'ny sehatra

fifanakalozana ara-barotra amin'ny any ivelany ary ny fisarihana ireo mpampiasa vola mba hisian'ny fanatsarana ny tontolon'ny toekarena.

A. NY VOLA MIDITRA

1. HETRA

Ny fepetra mikasika ny hetra voarakitry ny Lalàna mifehy ny Fitantanambolam-panjakana amin'ny taona 2011 dia mametraka ho zava-dehibe ny lafiny fanarenana ara-toekarena sy manohy ny fanavaozana efa natomboka hatramin'ny taona 2008.

Noho izany, dia noraisina ny fepetra miantraika amin'ny tontolo iainana, toekarena sy sosialy toy ny :

- Fampidinana ny tahan'ny hetra amin'ny vola miditra ho 22% raha 23% teo aloha (IR, IDH, IRSA, IRCM, IPVI). Io taha io dia mihatra amin'ny taom-piasana mifarana ao anatin'ny taona 2011 ho an'ny hetra amin'ny vola miditra (IR).

- Fiarovana ny vola miditra amin'ny kitapom-bolam-pajakana mikasika ny sara-panoratana amin'ny boky firaketana.

- Fanafoanana ny haba TVA amin'ireo fitaovana sy kojakoja amin'ny famokarana angovo azo avaozina

- Fampitomboana ny sazy amin'ny zava-pisotro misy alikaola ho fanadiovana io seham-piasana io.

Ankoatra izany dia napetraka mazava ireo adidy sy fombafomba tsy maintsy tanterahan'ny mpandoa hetra eo amin'ny fotoana fananganana ny orinasa, mandritry ny fiasana ary hatreo amin'ny fitsaharana tanteraka. Ny asan'ny mpamongady dia tsy maintsy mahazo alalana mialoha omen'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola. Fanamarinana dika mitovy ataon' ny sampan-draharahan'ny hetra ny filazana toebola izay tsy maintsy atao mba iadiana amin'ny todikefa hosoka.

Fanadiovana, fanitsiana ny fahadisoana ara-teknika sy tsipelina ary fanarenana ireo fampifanarahana tsy efa, amin'ireo antokon-dalàna samihafa no mameno ny fepetra vaovao.

2. FADITSERANANA

2-1- FEHEZAN-DALANA MOMBA NY FADITSERANANA

Ao anatin'ny fanavaozana ny Lalàna mifehy ny Tetibolam-panjakana 2011, ny Sampandraharahan'ny faditseranana dia mametraka sori-dàlana roa hiatrehana ny fiantraikan'ny krizy ankehitriny dia ireto izany:

a. Fiarovana ny vola miditra :

Ao anatin'izany dia nisy ny fanovana ny fepetra momba ny sanda amin'ny faditseranana mba hametrahana ny foto-kevitra voarakitry ny fifanarahan'ny Vondrona Iraisam-pirenena momba ny Varotra (OMC) mahakasika ny fampitsimbadihana ny porofok'eloka.

Etsy andanin'izany, nampidirina ny fepetra manokana momba ny antoka amin'ny faditseranana mba hiarovana ny habatseranana tsy mbola naloa ho an'ireo entana nahazo ny sata ara-toekarena.

Ankoatra izany, nasiana fanampiam-panazavana ny andraikitry ny sampandraharahan'izay ministera voakasika sy ny fepetra ara-dalàna izay tsy maintsy raisiny raha toa ka nahafahana ny hetra sy haba amin'ny fanafarana entana.

b. Fanohanana ny sehatra tsy miankina amin'ny alalan'ny fanavaozana ny sata ara-toekarena :

En vue de la réalisation des divers projets de développement, le Gouvernement est autorisé à emprunter auprès de diverses sources de financement intérieur et extérieur à concurrence de 900 000 000 000 Ariary

ARTICLE 18

Est supprimé à partir de l'année 2011, le compte de commerce intitulé : « Fonds de l'Elevage » ouvert auprès des Trésoreries Générales implantées dans les ex – Chefs lieux des Faritany (Toamasina – Antsiranana – Fianarantsoa – Toliary et Mahajanga).

Ledit compte continue à fonctionner dans les écritures du Payeur Général d'Antananarivo. Toutefois, des régies de recettes seront créées auprès des Services Régionaux de l'Elevage afin de pouvoir collecter les recettes afférentes audit compte, lesquelles seront transférées à la Paierie Générale d'Antananarivo.

ARTICLE 19

La présente Loi sera publiée au Journal Officiel de la République.

Elle sera exécutée comme loi de l'Etat.

Antananarivo, le 22 décembre 2010

Andry Nirina RAJOELINA

**LALANA FAHA- 2010-001
TAMIN'NY 22 DESAMBRA 2010
NATAO HO LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-
PANJAKANA
HO AMIN'NY TAONA 2011**



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FIADIDIANA NY FAHEFANA AVON'NY TETEZAMITA

LALANA LAHARANA FAHA- 2010-001

TAMIN'NY 22 DESAMBRA 2010

NATAO HO LALANA MIFEHY NY FITANTANAM-BOLAM-PANJAKANA

AMIN'NY TAONA 2011



Nolanian'ny Kongresin'ny Tetezamita sy ny Filankevitra Ambony ny Tetezamita tamin'ny fivoriana izay nataony avy ny faha-29 novambra 2010 sy ny faha-06 desambra 2010.

NY FILOHAN' NY FAHEFANA AVON' NY TETEZAMITA,

- Araka ny Lalàmpanorenana,
- Araka ny Fanapahana laharana faha-14-HCC/D3 tamin'ny 22 desambra 2010 nataon'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana;

dia mamoaka hampanan-kery ny Lalàna izay toy izao manaraka izao ny andinindininy:

I – FEPETRA MIKASIKA NY HETRA

ANDININY VOALOHANY

Tsy tohinina ny fepetra voalazan'ity lalàna ity fa ny fandrotsahana ho an'ny Tetibolam-panjakana sy ho an'ny Vondrom-bahoakam-paritra, ny hetra, ny sara aman-kaba amin'ny hetra sy faditseranana ary koa ny vokatry ny fidiram-bolam-panjakana amin'ny taona 2011, dia hatao manaraka ny didy amandalàna manan-kery.

Ny fepetry ny Fehezan-dalàna ankapobe momba ny hetra dia ampiana sy ovàna toy izao manaraka izao:

BOKYI
HETRAM-PANJAKANA

FIZARANA I
HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA SY NY MITOVY AMINY

LOHATENY I
HETRA ALAINA AMIN'NY VOLA MIDITRA

**ZANADOHATENY I
HETRA AMIN'NY VOLA MIDITRA (IR)**

**TOKO IV
FOTOTRA AMERANA NY HETRA**

Andininy 01.01.10

Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny 6° am in'ny rijan-teny amin'io andininy io:

“6° Ireo fandrotsaham-bola nataon'ny mpandoa hetra ho an'ny fikambanana ekena ho mahasoana ny besinimaro araka ny didim-panjakana misahana ny fanabeazana, sosialy na kolotoraly, sampan-draharaha ankatoavina ho amin'ny fikarohana siantifika sy/na teknika na ho an'ny fampiroboroboana sy ny famoronana orinasa mifandraika amin'ireo tanjona voasoritry ny drafitrin'ny fampandrosoana ara-toekarena sy sosialy. Ireo fandrotsaham-bola ireo dia ekena ny fanesorana azy amin'ny tombom-barotra voan'ny hetra hatramin'ny dimy isan'arivon'ny (5p1000) vola maty tamin'ny taom-piasana tamin'izany”.

Foronina ao anatin'ity andininy ity ny antokony 13° izay mirija toy izao:

“13° Ireo vola naloa ho amin'ny fanofanana ny mpiasa”

**TOKO VII
FIKAJIANA NY HETRA**

Andininy 01.01.14

Soloina ao amin'ny I- amin'ity andininy ity ny marika “23” ho “22”.

**TOKO X
ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA**

Andininy 01.01.19

Soloina ireo vondron-teny “ireo olon-tsootra iharan'ny famerana amin'ny tena izy sy ireo sosaiety na manao ahoana na manao ahoana ny vola matiny” ho “olon-tsootra sy ireo sosaiety iharan'ny famerana amin'ny tena izy”.

Andininy 01.01.20

Soloina ireo vondron-teny “ ireo boky ara-dalàna voalazan'ireo andininy 8 sy ny manaraka ao amin'ny Fehezan- dalàna mifehy ny varotra sy ny boky firaketana kaonty voalazan'ny didim-panjakana etsy ambony” ho “ boky ara-dalàna voalazan'ny andininy 430-1 amin'io didim-panjakana io”.

**LOHATENY III
HETRA ALAINA AMIN'NY KARAMA SY NY MITOVY AMINY (IRSA)**

**TOKO VI
FAMERANA NY HETRA**

Andininy 01.03.16

Soloina toy izao manaraka izao ny rafi-mariky ny IRSA:

A- Lalàna mifehy ny ankapobem-bahoaka	
- Hatramin'ny Ar 250 000	0
- Ampahany mihoatry ny Ar 250 000	22 isan-jato

**LOHATENY IV
HETRA ALAINA AMIN'NY FITOMBOAN-KARENA AVY AMIN'NY FANANANA MITERA-BOLA**

**TOKO II
FIKAJIANA NY HETRA**

Andininy 01.04.04

Soloina ao amin'ny andalana faharoa ny marika "23" ho "22".

**LOHATENY V
HETRA ALAINA AMIN'NY TOMBOM-BAROTRA (IPVI)**

**SOKAJY V
FIKAJIANA NY HETRA**

Andininy 01.05.07

Soloina ny marika "23" ho "22".

**FIZARANA II
SARAM-PIRAIKETANA NY SORA-PANEKENA SY NY FAMINDRAN-TOMPO**

**TOKO I
SEHATRA AMPIHARANA SY IREO FEPETRA ANKAPOBENY**

Momba ny ankapoben-javatra

Andininy 02.01.05

Soloina ao amin'ny andalana voalohany ny vondron-teny "na amin'ny samy velona, na avy amin'ny fahafatesana" ho "amin'ny samy velona".

Soloina ao amin'ny andalana fahatelo "Ar 100,00" ho "Ar 1.000,00".

Fifanarahana am-bava

Andininy 02.01.14

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana fahatelo:

"Na izany aza, ny famindran-tompo fahazoana ny fananana tsy mifaka sy/na fananana mifaka ho an'ireo orinasa dia tsy maintsy anaovana fifanaraham-panofàna".

Alohan'ny andininy 02.01.29, ampiana ny zana-dohateny toy izao:

"Ny fandefasana ireo sora-panekena sy ireo filazàna"

**TOKO II
SARA SY FIKAJIANA NY HETRA**

**SOKAJY IV
FAMINDRAN-TOMPO MISY SETRINY
SORA-PANEKENA SY FAMINDRAN-TOMPO IHARAN'NY HETRA**

Famindrana fananana mifaka

Andininy 02.02.20

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin'ny andalana farany amin'io andininy io:

“Ireo fananana mifaka na inona na inona toetrany dia tomanana araka ny toman-bidiny tena izy tamin’ny andro nanaovana ny famindrana, izay araka ny filazana nataon’ny roa tonta izay voamarin’ny Sampan-draharahan’ny hetra”

Andininy 02.03.28

Soloina ny teny “fahatelo” ao amin’ny tsipika faharoa ho “faharoa”

**TOKO V
SARA AMIN’NY HAJIA SY NY MITOVY AMINY**

**SOKAJY III
SARA ALAINA AMIN’NY FANOMEZANA ANTONTAN-TARATASY
SY FANDRAISAM-BOLA SAMIHAFANA**

Ovàna toy izao manaraka izao ny firijan’ny B ao amin’ny sokajy III:

**B- “Fitondrana sy fitazonana fitaovam-piadiana
Hetra isan-taona alaina amin’ny basy”**

Andininy 02.05.07

Soloina ny andian-teny “hitondra basy” ho “hitondra sy hihazona basy”.

Andininy 02.05.08

Soloina ny andian-teny “hitazona basy” ho “hitondra sy hihazona basy”.

**TOKO VII
FAMORIAN-KETRA**

**SOKAJY I
FANDOAVANA NY HETRA**

Fandoavana ny sarany mialoha ny fandraiketana

Andininy 02.07.01

Ampiana andalana faharoa mirija toy izao manaraka izao:

“Ny mpandray vola momba ny hetra mahefa ara-paritra ihany no afaka mandray ny sara-panoratan’ireo sora-panekena sy famindran-tompo ary ny sara-pandovana na raikitra na mifanentana.”

**SOKAJY V
FEPETRA MANOKANA AMIN’IREO TSY FAHAMPIANA**

Andininy 02.07.20

Ovàna toy izao manaraka izao ny rijan-tenin’ny andalana voalohany amin’io andininy io:

“Raha toa ka latsaky ny toman-bidy tena izy ny vidiny na ny fameram-bidiny no noraisina ho fototra nangalana ny sara mifanentana dia azon’ny Sampan-draharahan’ny hetra atao ny mitaky amin’ny mpandao ny sara-panoratanana hanao sonia fiekena ny tsy fahampiana amin’ny fotoana hanaovana ny fanoratana ao amin’ny boky firaiketana.”

**FIZARANA VI
HABA AMIN’NY TATAOM-BIDY**

**LOHATENY I
HABA AMIN'NY TATAOM-BIDY**

**TOKO II
SEHATRA AMPIHARANA AZY**

**SOKAJY II
OLONA SY ORINASA MANDOA HABA**

Andininy 06.01.04

Soloina ho toy izao manaraka izao ny voalazan'ny antokony faha 3 amin'io andininy io:

“Na izany aza, ireo olona manana vola-maty afaka haba latsaky ny Ar 200.000.000 ka mangataka hisafidy ny fampiharana TVA dia omena alalana”

**SOKAJY III
OLONA SY RAHARAHANA AFAHANA AMIN'NY HABA**

Article 06.01.06

Soloina ho toy izao manaraka izao ny voalazan'ny 14 amin'io andininy io:

“14° Ny fanafarana sy ny famarotana biby fakana taranaka, fitaovam-pamokarana, fitaovam-panatanjahantena azon'ny rehetra ampiasaina, fitaovana famokarana angovo azo havaozina voarakitra any amin'ny tovana”

Soloina ho toy izao manaraka izao ny lisitry ny vokatra tsy voan'ny haba:

**TOVANA
LISITRY NY VOKATRA TSY VOAN'NY HABA
(Jereo any amin'ny tovana)**

**TOKO XI
ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA**

Andininy 06.01.26

Ovàna toy izao manaraka izao ny andalana fahatelo amin'io andininy io:

“Ny varotra ifanaovan'ny samy mpandoa haba amin'ny tataom-bidy (TVA) dia tsy maintsy aloa seky na taratasim-bola hafa tsy azo afindra, amin'ny alalan'ny famindram-bola na karatra banky.”

**BOKY II
HETRAM-BONDROM-BAHOAKA**

**LOHATENY VI
HETRA AVY AMIN'NY FAHAZOANDALANA MIKASIKA NY ALIKAOLA SY NY ENTANA MISY
ALIKAOLA**

**TOKO IV
FAMERANA NY FIVAROTANA ALIKAOLA SY NY ENTANA MISY ALIKAOLA**

SOKAJY II

VAROTRA ZAVAPISOTRO MISY ALIKAOLA
III- Fepetra mikasika ny fanomezana fahazoandalana hivarotra

A- Fangatahana

Andininy 10.06.28

Ampiana ao anatin'ity andininy ity ny antokony faharoa izay mirija toy izao :

« Ny Talem-paritry ny hetra mahefa no manana fahefana manome fahazoandalana hivarotra zavapisotro misy alikaola ».

Esorina ny faha VI ao amin'ny sokajy II ary ny fepetra voalazan'ny andininy 10.06.43 ka hatramin'ny 10.06.46.

VII- Fandraràna

Andininy 10.06.48

Soloina ny vondron-teny "ny andininy 10.06.83" sy "ny andininy 10.06.84" ho "ny andininy 20.01.71 sy 20.01.72" sy "ny andininy 20.01.73".

BOKY III

**FEPETRA IRAISAN'NY HETRA, SARA SY HABA VOARAKITRA AO AMIN'NY BOKY I
 SY II AMIN'ITY FEHEZAN-DALANA ITY**

**LOHATENY I
 FAMORIANA NY HETRA**

**TOKO III
 SAZY SY LAMANDY**

SOKAJY III

SAZIM-PAHATARANA AMIN'NY FANDOAVANA, FANDROTSAHANA SY NY FIRAIKETANA

Andininy 20.01.53.1

Ovàna ny "01 janoary 2010" ho "01 janoary 2012" ary ampina andalana faha-2 izay soratana toy izao manaraka izao :

" Ny sazy takina amin'ny soratra, fanambarana, famindrantompo, fizakam-bokatra na fisitrahana fananana tsy mifaka na mifaka izay tsy voarakitra tao anatin'ny fotoana voafetra, dia afahana manontolo raha toa ka ireo soratra sy fanambarana ireo dia nandalo ny fepetra mikasika ny firaiKETANA ary ny saram-piraiKETANA dia voaloha alohan'ny 1 janoary 2012 ".

SOKAJY VI

FANDIKAN-DALANA HAFA

Andininy 20.01.56.19

Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny rijan-teny amin'io andininy io:

“Hosaziana lamandy Ar 100 000 ireo voakasik'izany amin'ny fandikan-dalàna voalazan'ny andininy 20.06.19 ity fehezan-dalàna ity

Ny tsy fanajana ireo fepetra voalazan'ny andininy 20.06.20 izay tsikaritra nandritra ny fametrahana ny filazana mikasika ny vola niditra nandritra ny taom-piasana lasa dia sazina lamandy 50% ny hetra alaina amin'ny vola miditra tokony aloa amin'io taom-piasana voalaza io.

Ankoatran'ny sazy voafaritra sy ampiarina amin'ireo orinasa tsy nahatontosa ireo fepetra ara-ketra voalazan'ny lalàna, ireo tompon'andraikim-pitantanana ao amin'ny orinasa dia azo enjehina sy sazina araka ny fepetra izay ho faritan'ny didim-panjakana.”

Foronina indray ny andininy 20.01.56.21 izay soratana toy izao:

Andininy 20.01.56.21

“Ny tsy fanatanterahina ny voalazan'ny Lohateny V ao amin'ny Boky III dia voasazy :

1. lamandy Ar 100 000 isaky ny fandikan-dalàna ao amin'ny andininy 20.05.01, 20.05.03, 20.05.06 sy 20.05.07, ary ho an'ny laharam-pamantarana ny mpandoa hetra tsy ierana,
2. lamandy ara-ketra mitovy amin'ny sandan'ny raharaha voalaza raha misy fandikana ny andininy 20.05.04 sy 20.05.05 na raha misy fampiasana laharam-pamantarana hosoka, tsy marina na diso.”

TOKO IV

SAZY MANOKANA AMIN'NY PARAKY SY ALIKAOLA

SOKAJY VI

FANDIKAN-DALANA AMIN'NY HETRA AVY AMIN'NY FAHAZOAN-DALANA MIKASIKA NY ALIKAOLA SY NY VOKATRA MISY ALIKAOLA

I-Sazy

Andininy 20.01.68

Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny rijan-teny amin'io andininy io:

“Hosaziana lamandy Ar 10 000 isaky ny litatran'ny zava- pisotro nohazonina na namidy ary tsy latsaky ny Ar 100.000 miampy fampidirana an-tranomaizina mandritra ny 1 hatramin'ny 2 taona, ny fihazonana na fivarotana zava-pisotro misy alikaola voasitily na voaroatra tsy misy fahazahoan-dàlana, ankoatry ny fisintonana ny vokatra sy entana tratra sy ireo fanatazana azy” .

LOHATENY V

LAHARAM-PAMANTARANA NY MPANDOA HETRA

Foronina TOKO I toy izao :

“FANOMBOHANA ASA”

Foanana ny lohateny “FOTO-KEVITRA”.

Foanana ny lohateny “ANDRAIKITRY NY MPANDOA HETRA”.

Andininy 20.05.01 Tsy misy fiovana

Andininy 20.05.02 Tsy misy fiovana

Andininy 20.05.03

Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny rijan-teny amin'io andininy io:

“Ny orinasa rehetra na inona na inona endriny manara-dalàna na ny sehatr'asa misy azy, dia tsy maintsy mameno filazana laharam-pamantarana amin'ny fotoana hanatontosana ny fepetra arahina mikasika ny fananganana orinasa sy alohan'ny hanombohany asa araky ny môdely nofaritan'ny Fandraharahana ara-ketra”

Foronina ny lohateny “**FAHAZOAN-DALANA HANAO ASA AMAN-DRAHARAHANA**”

Andininy 20.05.04

Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny rijan-teny amin'io andininy io:

“Ao aorian'ny nanomezana laharam-pamantaran'ny mpandoa hetra, dia omena azy ireo ny karatry ny hetra tambatra na ny kara-pamantaran'ny mpandoa hetra araka ny môdely voafaritry ny Fandraharahana ara-ketra.

Kanefa, ny fanomezana io laharam-pamantarana ara-ketra io sy ny karatra maha-mpamongady dia tsy maintsy nahazoana alalàna mialoha tamin'ny Minisitry misahana ny sampan-draharaha mikasika ny Hetra na ny Tale Jeneralin'ny Hetra izay afaka mamindra ny fahefany.

Fanapahana no hamaritry ny fomba ampiharana ny fepetra voalazan'io an-dalana ambony io.”

Foronina TOKO II toy izao :

“MANDRITRY NY TAOM-PIASANA”

Foronina ny lohateny “NY TOETOETRY NY LAHASAM-PITRANDRAHANA”

Andininy 20.05.05

Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny rijan-teny amin'io andininy io:

“Ny antontan-taratasy rehetra izay didin'ity fehezan-dalàna ity ny fampisehoana azy amin'ny fandraharahana ara-ketra dia tsy maintsy ahitana ny laharam-pamantarana ara-ketran'ny mpandoa hetra.

Toy izany koa ny taratasy voalazan'ny andininy 10.06.65 sy ny karatra voafaritry ny andininy 20.05.04 amin'ity fehezan-dalàna ity.

Ny mpandoa hetra dia tsy maintsy mametraka ny laharam-pamantarana ara-ketra amin'izay antontan-taratasy rehetra afeany any amin'ny sampan-draharaha hafa izay mety misy fiantraikany ara-ketra amin'ny fananany, ny fidiram-bolany ary amin'ny olon-kafa, indrindra ny fanaovana tolo-bidy amin'ny tsenam-panjakana sy ny filazana apetraka any amin'ny fadin-tseranana.”

Foanana ny lohateny “**SAZY**” ary averina ny andininy 20.05.06 toy izao:

Andininy 20.05.06

“Ny karatra voalazan’ny andininy 20.05.04 eo ambony dia tsy maintsy havaozin’ny mpandoa hetra isantaona na inona na inona sokajy misy azy, amin’ny fotoana fametrahana ny filazana voalazan’ny andininy 01.01.17 na 01.02.06 amin’ity fehezan-dalàna ity.”

Foanana ny lohateny “FEPETRA SAMIHAFANA”

Andininy 20.05.07

Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny rijan-teny amin’io andininy io:

“Ny fanamarinana ny maha-ara-dalàna ara-ketra-tambatra sy ny hetra amin’ny vola miditra dia omen’ny ivon-toeran-ketra mpitantana ny antontan-taratasin’ny mpandoa hetra.

Io fanamarinana io dia tokony hipetraka mazava ao amin’ny toerana anaovana ny asa iharan’ny hetra.”

Foronina ny lohateny “**TOE-JAVATRA MITSILOPILOPY**”

Andininy 20.05.09

Ovàna toy izao manaraka izao ny firafitry ny rijan-teny amin’io andininy io:

“Ny tsy fiasana mandritry ny fotoana tsy maharitra, mandalo dia tsy maintsy anaovana filazana, arahan’ny famerenana ny karatra voalazan’ny andininy 20.05.04 ao amin’ny ivon-toeran-ketra mpitantana ny antontan-taratasin’ny mpandoa hetra ao anatin’ny 20 andro nisian’izany ary tsy manafaka azy amin’ny andraikiny voalazan’ny sokajy eo ambony amin’ity fehezan-dalàna ity.

Ny fiverenana manontolo na ampahany amin’ny asa dia tsy maintsy anaovana filazana ihany koa ao anatin’io fe-potoana voalaza io. Ao aorian’ny fanarenana ara-ketra dia omena karatra vaovao izy.”

Foronina ny TOKO III mitondra ny lohateny “**FITSAHARANA TANTERAKA AMIN’NY ASA**”

Foronina ny andininy 20.05.10 mirija toy izao:

Andininy 20.05.10

“Ny mpandoa hetra izay voatery hanakatona ny orinasany sy hampitsahatra tanteraka ny asany dia tsy maintsy :

- Manatanteraka ireo adidy rehetra ara-ketra.
- Mamerina any amin’ny ivon-toeran-ketra mpitantana ny antontan-taratasin’ny mpandoa hetra ny fanamarinana ny laharam-pamantarana ny mpandoa hetra sy ny karatra eny am-pelatanany.

Ny fanafoanana tanteraka ny anaran’ny mpandoa hetra ao amin’ny lisitra ara-ketra dia atao amin’ny alalan’ny fampisehoana ny taratasy manamarina ny fanarahan-dalàna.

LOHATENY VI

**FAHEFANA MITAKY – FAHEFANA MISAVA SY MANAMARINA – TSIAMBARATELON’NY ASA
(DC-DV-SP)**

SOKAJY III

**ANDRAIKITRIN’NY ISAM-BATAN’OLONA NA FIKAMBANANA MANDROTSA-BOLA IHARAN’NY
HETRA**

Andininy 20.06.12

Soloina ny andian-teny “vokatra natao ho an’ny fanjifany manokana” ho “vokatra tsy natao hamidy”.

Andininy 20.06.14

Foanana ny fepetra vorakitr’io andininy io.

SOKAJY V

Ovàna ny lohatenin’ny SOKAJY V ao amin’ny LOHATENY VI ary foronina indray ny andininy 20.06.19 toy izao manaraka izao:

« SONIA FANAMARINANA AVY AMIN’NY SAMPAN-DRAHARAHAN’NY HETRA »

Andininy 20.06.19

« Ny filazana toe-bola apetraka eny anivon’ny sampan-draharaha miankina na tsy miankina amin’ny Fanjakana ho famenoana antontan-taratsin’ny mpandoa hetra dia tsy maintsy voamarin’ny tompon’andraikitra mahefa ao amin’ny ivo toeran’ny hetra misahana ny fitantanana ny antontan-taratsin-ketran’izy ireo».

SOKAJY VI

Ovàna ny lohatenin’ny SOKAJY VI ao amin’ny LOHATENY VI ary foronina indray ny andininy 20.06.20 toy izao manaraka izao:

« ANDRAIKITRA MIKASIKA NY KAONTIM-BOLA ANY AMIN’NY BANKY »

Andininy 20.06.20

« Ny mpandoa hetra voasokajy ao amin’ny famerana ny hetra amin’ny tena izy sy ny tena izy namoraina dia tsy maintsy manana kaontim-bola any amin’ny banky, misoratra amin’ny anarany, izay ampiasainy farafahakeliny mandritra ny fanatanterahany ny asa aman-draharahan’izy ireo. »

**SOKAJY VII
FANAMARINANA****Andininy 20.06.21 ter**

Soloina amin’ny antokony voalohany amin’ity andininy ity ny andian-teny “dimy ambin’ny folo andro” ho “telopolo andro”.

**TOVANA
LISITRY NY VOKATRA AFAHANA TVA**

Article 06.01.06 : 8°

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
29.36	Provitamines et vitamines, naturelles ou reproduites par synthèse (y compris les concentrats naturels), ainsi que leurs dérivés utilisés principalement en tant que vitamines, mélangés ou non entre eux, même en solutions quelconques.
29.37	Hormones, prostaglandines, thromboxanes et leucotriènes, naturels ou reproduits par synthèse; leurs dérivés et analogues structurels, y compris les polypeptides à chaîne modifiée, utilisés principalement comme hormones.
30.01	Glandes et autres organes à usages opothérapiques, à l'état desséché, même pulvérisés ; extraits, usages opothérapiques, de glandes ou d'autres organes ou de leurs sécrétions ; héparine et ses sels autres substances humaines ou animales préparées à des fins thérapeutiques ou prophylactiques non dénommées ni comprises ailleurs.
30.02	Sang humain ; sang animal préparé en vue d'usages thérapeutiques, prophylactiques ou de diagnostic ; antisérums, autres fractions du sang, produits immunologiques modifiés, même obtenus par voie biotechnologique ; vaccins, toxines, cultures de micro-organismes (à l'exclusion des levures) et produits similaires
30.03	Médicaments (à l'exclusion des produits des n°s 30.02, 30.05 ou 30.06) constitués par des produits mélangés entre eux, préparés à des fins thérapeutiques ou prophylactiques, mais ni présentés sous forme de doses, ni conditionnés pour la vente au détail.
30.04	Médicaments (à l'exclusion des produits des n°s 30.02, 30.05 ou 30.06) constitués par des produits mélangés ou non mélangés, préparés à des fins thérapeutiques ou prophylactiques, présentés sous forme de doses (y compris ceux destinés à être administrés par voie percutanée) ou conditionnés pour la vente au détail :

Article 06.01.06: 9°

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
48.01.00.00	Papier journal, en rouleaux ou en feuilles

Article 06.01.06: 10°

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
49.07.00.10	- - -Timbres-poste, papiers timbrés, billets de banque

Article 06.01.06: 11°

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
49.01	Livres, brochures et imprimés similaires, même sur feuillets isolés.
10.00	- En feuillets isolés, même pliés. - Autres :
91.00	- - Dictionnaires et encyclopédies, même en fascicules
99	- -Autres :
90	- - -Autres
49.02	Journaux et publications périodiques imprimés, même illustrés ou contenant de la publicité.

Article 06.01.06: 12°

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
90.01.30.00	- Verres de contact
90.01.40	- Verres de lunetterie en verre :
10	- - - Travaillés optiquement sur une seule face
90	- - - Travaillés optiquement sur les deux faces.
90.01.50.	- Verres de lunetterie en autres matières :
10	- - - Travaillés optiquement sur une seule face
90	- - - Travaillés optiquement sur les deux faces.
90.04	Lunettes (correctrices, protectrices ou autres) et articles similaires
	- - Lunettes correctrices :
90.11	- - - Avec montures en métaux communs
90.12	- - - Avec montures en matières plastiques
90.19	- - - Avec montures en autres matières.

Article 06.01.06: 13°

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
01.05.11 90	- - - Poussins d'un jour
04.07.00.10	- - - Oeufs à couvrir
05.11.10.00	- Spermes de taureaux
05.11.91.10	Oeufs et laitances de poissons ou de crustacés non comestibles, vivants et fécondés destinés à la reproduction (alevins)
06.02.1019	- - - Boutures industrielles de mûriers à soie
07 01	Pommes de terre, à l'état frais ou réfrigéré
10.00	- De semence
10.05	Maïs
10.00	- De semence
12.09	Graines, fruits et spores à ensemercer et les produits similaires
23.01	Farines, poudres et agglomérés sous forme de pellets, de viandes, crustacés, de mollusques ou d'autres invertébrés aquatiques impropres à l'alimentation humaine, crêtons.
23.02	Sons, remoulages et autres résidus, mêmes agglomérés sous forme de pellets, du criblage, de la moulure ou d'autres traitements des céréales ou des légumineuses.
23.04.00.00	Tourteaux et autres résidus solides, même broyés ou agglomérés sous forme de pellets, de l'extraction de l'huile de soja
23.05.00.00	Tourteaux et autres résidus solides, même broyés ou agglomérés sous forme de pellets, de l'extraction de l'huile d'arachide
23.06	Tourteaux et autres résidus solides, même broyés ou agglomérés sous forme de pellets, de l'extraction de graisses ou huiles végétales, autres que ceux des n°s 23.04 ou 23.05.
23.09.90.00	- Autres (Concentré d'aliments)
23.08.00.00	Matières végétales et déchets végétaux, résidus et sous-produits végétaux, même agglomérés sous forme de pellets, des types utilisés pour l'alimentation des animaux, non dénommés ni compris ailleurs
27.11.12.00	Gaz propane
29.22.41.00	- Lysine et ses esters; sels de ces produits.
29.30.40.00	- Méthionine
31.01.00.00	Engrais d'origine animale ou végétale, même mélangés entre eux ou traités chimiquement ; Engrais résultant du mélange ou du traitement chimique de produits d'origine animale ou végétale.
31.02	Engrais minéraux ou chimiques azotés
31.03	Engrais minéraux ou chimiques phosphatés
31.04	Engrais minéraux ou chimiques potassiques
31.05	Engrais minéraux ou chimiques contenant deux ou trois des éléments fertilisants: azote, phosphore et potassium, autres Engrais
38.08.91	- Insecticides

38.08.92	- Fongicides
38.08.93	- Herbicides, inhibiteurs de germination et régulateurs de croissance pour plantes

Article 06.01.06: 14°

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
0101	Chevaux, ânes, mulets et bardots, vivants
0101.10	- Reproducteurs de race pure :
0101.10 10	- - - Chevaux
0101.10 20	- - - Anes, mulets et bardots
01.02	Animaux vivants de l'espèce bovine.
0102.10 00	- Reproducteurs de race pure
01.03	Animaux vivants de l'espèce porcine.
0103.10 00	- Reproducteurs de race pure
01.04	Animaux vivants des espèces ovine ou caprine.
0104.10	- De l'espèce ovine :
0104.1010	- - - Reproducteurs de race pure
0104.20	- De l'espèce caprine :
0104.2010	- - - Reproducteurs de race pure
01.05	Coqs, poules, canards, oies, dindons, dindes et pintades, vivants, des espèces domestiques.
	- D'un poids n'excédant pas 185 g :
0105.11	- - Coqs et poules :
0105.11 10	- - - Reproducteurs de race pure
0105.12	- - Dindes et dindons :
0105.12 10	- - - Reproducteurs de race pure
0105.94	- - Coqs et poules :
0105 94 10	- - - Reproducteurs de race pure
39.26	Autres ouvrages en matières plastiques et ouvrages en autres matières des n°s 39.01 à 39.14
3926.20	- Vêtements et accessoires du vêtement (y compris les gants, mitaines et mouffles)
392620.10	---Gants, mitaines et mouffles spécialement conçus pour la pratique du sport
3926.90	- Autres :
3926.90 20	- - - Boucles destinées à l'identification des animaux de rente
42.03	Vêtements et accessoires du vêtement en cuir naturel ou reconstitué.
	- Gants , mitaines et mouffles:
4203.21	- - Spécialement conçus pour la pratique de sports
4203.21 10	- - - Faits à la main (1)
56.08	Filets à mailles nouées, en nappes ou en pièces, obtenus à partir de ficelles, cordes ou cordages ; filets confectionnés pour la pêche et autres filets confectionnés, en matières textiles.
	- En matières textiles synthétiques ou artificielles :
560819	- - Autres
	- - - Faits à la main (1)
560819.11	----Filets spécialement conçus pour la pratique de sports
	- - - Autres
560819.91	----Filets spécialement conçus pour la pratique de sports
5608.90	- Autres
	- - - Faits à la main (1)
5608.90 11	----Filets spécialement conçus pour la pratique de sports
5608.90 91	----Filets spécialement conçus pour la pratique de sports
64.02	Autres chaussures à semelles extérieures et dessus en caoutchouc ou en matière plastique
	- Chaussures de sport :
6402.19	- - Autres :
	- - - Chaussures à pointes, à crampons
6402.19 21	- - - - Faits à la main (1)
6402.19 29	- - - - Autres

6403		Chaussures à semelles extérieures en caoutchouc, matière plastique, cuir naturel ou reconstitué et dessus en cuir naturel
		- Chaussures de sport :
640319		- - Autres :
640319.10		- - - Munies de pointes ou de crampon
6404		Chaussures à semelles extérieures en caoutchouc, matière plastique, cuir naturel ou reconstitué et dessus en matières textiles
		- Chaussures à semelles extérieures en caoutchouc ou en matière plastique :
6404.11		- - Chaussures de sport, chaussures dites de tennis de basket-ball, de gymnastique, d'entraînement et chaussures similaires :
		- - - Munies de pointes ou de crampons
6404.11.11		- - - - Faits à la main (1)
6404.11.19		- - - - Autres
82.01		Bêches, pelles, pioches, pics, houes, binettes, fourches, râpeaux et racloirs; haches, serpes et outils similaires à taillants; sécateurs de tous types; faux et faucilles, couteaux à foin ou à paille, cisailles à haies, coins et autres outils agricoles, horticoles ou forestiers, à main.
8201.10		- Bêches et pelles
8201.10 10		- - - Faits à la main (1)
8201.10 90		- - - Autres
8201.20		- Fourches
8201.20 10		- - - Faits à la main (1)
8201.20 90		- - - Autres
8201.30		- Pioches, pics, houes, binettes, râpeaux et racloirs
8201.30 10		- - - Faits à la main (1)
8201.30 90		- - - Autres
8201.40		- Haches, serpes et outils similaires à taillants
8201.40 10		- - - Faits à la main (1)
8201.40 90		- - - Autres
8201.50		- Sécateurs (y compris les cisailles à volaille) maniés à une main
8201.50 10		- - - Faits à la main (1)
8201.50 90		- - - Autres
8201.60		- Cisailles à haies, sécateurs et outils similaires, maniés à deux mains
8201.60 10		- - - Faits à la main (1)
8201.60 90		- - - Autres
8201.90		- Autres outils agricoles, horticoles ou forestiers, à main
8201.90 10		- - - Faits à la main (1)
8201.91	0	- - - Autres
84.10		Turbines hydrauliques, roues hydrauliques et leurs régulateurs.
		-Turbines et roues hydrauliques
8410.11 00		- - D'une puissance n'excédant pas 1000 KW
8410.12 00		- - D'une puissance excédant 1000 KW mais n'excédant pas 10 000 KW
8410.13 00		- - D'une puissance excédant 10 000 KW
84.13		Pompes pour liquides, même comportant un dispositif mesureur ; élévateurs à liquides.
84132000		- Pompes à bras, autres que celles des n°s 84.13.11 ou 84.13.19
		- Autres pompes ; élévateurs à liquides :
8413.50		- Autres pompes volumétriques alternatives
841350.10		--- Autres pompes volumétriques alternatives à motricité humaine
8413.60		- Autres pompes volumétriques rotatives
841360.10		--- Autres pompes volumétriques rotatives à motricité humaine
84138100		- - Pompes

84138200	- - Elévateurs à liquides
	- Parties :
84139100	- - De pompes
84139200	- - D'élévateurs à liquides
84.19	Appareils et dispositifs, même chauffés électriquement (à l'exclusion des fours et autres appareils du n°85.14), pour le traitement de matières par des opérations impliquant un changement de température telles que le chauffage, la cuisson, la torréfaction, la distillation, la rectification, la stérilisation, la pasteurisation, l'étuvage, le séchage, l'évaporation, la vaporisation, la condensation ou le refroidissement autres que les appareils domestiques; chauffe-eau non électriques, à chauffage instantané ou à accumulation.
	- Séchoirs :
8419.31 00	- - Pour produits agricoles
84 24	Appareils mécaniques (même à main) à projeter disperser ou pulvériser des matières liquides ou en poudre ; extincteurs, même chargés ; pistolets aéroglyphes et appareils similaires; machines et appareils à jet de sable, à jet de vapeur et appareils à jet similaires.
	- Autres appareils :
8424.81 00	- - Pour l'agriculture ou l'horticulture
84.32	Machines, appareils et engins agricoles, horticoles ou sylvicoles pour la préparation ou le travail du sol ou pour la culture; rouleaux pour pelouses ou terrains de sport.
	- Herse, scarificateurs, cultivateurs, extirpateurs, houes, sarcleuses et bineuses :
8432.21 00	- - Herse à disques (pulvérisateurs)
8432.29 00	- - Autres
8432.30 00	- Semoirs, plantoirs et repiqueurs
8432.40 00	- Epandeurs de fumier et distributeurs d'engrais
8432.80 00	- Autres machines, appareils et engins
84.33	Machines, appareils et engins pour la récolte ou le battage des produits agricoles, y compris les presses à paille ou à fourrage ; tondeuses à gazon et augeuses; machines pour le nettoyage ou le triage des œufs, fruits ou autres produits agricoles, autres que les machines et appareils du n°84.37.
8433.30 00	- Autres machines et appareils de fenaison
8433.52	- - Autres machines et appareils pour le battage :
8433.52 90	- - - Autres
8433.53 00	- - Machines pour la récolte des racines ou tubercules
8433.59 00	- - Autres
84.36	Autres machines et appareils pour l'agriculture, l'horticulture, la sylviculture, l'aviculture ou l'apiculture, y compris les germeoirs comportant des dispositifs mécaniques ou thermiques et les couveuses et éleveuses pour l'aviculture.
8436.10 00	- Machines et appareils pour la préparation des aliments ou provendes pour animaux
8436.21 00	- - Couveuses et éleveuses
8436.29 00	- - Autres
8436.80 00	- Autres machines et appareils
8436.91 00	- - De machines ou appareils d'aviculture
8436.99 00	- - Autres
84.37	Machines pour le nettoyage, le triage ou le criblage des grains ou des légumes secs ; machines et appareils pour la minoterie ou le traitement des céréales ou légumes secs, autres que les machines et appareils du type fermier.
8437.10 00	- Machines pour le nettoyage, le triage ou le criblage des grains ou des légumes secs
8437.80	- Autres machines et appareils :
8437.8010	- - - Pour la rizerie
8437. 8090	- - - Autres

84.38	Machines et appareils, non dénommés ni compris ailleurs dans le présent chapitre, pour la préparation ou la fabrication industrielle d'aliments ou de boissons, autres que les machines et appareils pour l'extraction ou la préparation des huiles ou graisses végétales fixes ou animales.
8438.50 00	- Machines et appareils pour le travail des viandes
8438.60 00	- Machines et appareils pour la préparation des fruits ou des légumes
8438.80	- Autres machines et appareils :
8438.80 10	- - - Décortiqueuses et dépulpeuses
84.81	Articles de robinetterie et organes similaires pour tuyauteries, chaudières, réservoirs, cuves ou contenants similaires, y compris les détendeurs et les vannes thermostatiques.
84812000	- Valves pour transmissions oléohydrauliques ou pneumatiques
84813000	- Clapets et soupapes de retenue
84814000	- Soupape de trop- plein ou de sûreté
84818000	- Autres articles de robinetterie et organes similaires
84 81 90 00	- Parties
85.01	Moteurs et machines génératrices, électriques, à l'exclusion des groupes électrogènes
	- Machines génératrices à courant alternatif (alternateur):
8501.61 00	- - D'une puissance n'excédant pas 75 kVA
8501.62 00	- - D'une puissance excédant 75 KVA mais n'excédant pas 375 kVA
8501.63 00	- - D'une puissance excédant 375 kVA mais n'excédant pas 750 kVA
8501.64 00	- - D'une puissance excédant 750 kVA
85.02	Groupes électrogènes et convertisseurs rotatifs électriques.
	- Autres groupes électrogènes :
8502.31 00	- - A énergie éolienne
8502.39 10	- - A énergie hydraulique
8516.10	- Chauffe- eau et thermoplongeurs électriques
8516.10 10	- - - Solaires
85.41	Diodes, transistors et dispositifs similaires à semi-conducteur ; dispositifs photosensibles à semi-conducteur, y compris les cellules photovoltaïques même assemblées en modules ou constituées en panneaux ; diodes émettrices de lumière; cristaux piézo-électriques montés.
8541.40	-Dispositifs photosensibles à semi-conducteur, y compris les cellules photovoltaïques même assemblées en modules ou constituées en panneaux ; diodes émettrices de lumière.
8541.40 10	-Dispositifs photosensibles à semi-conducteur, y compris les cellules photovoltaïques même assemblées en modules ou constituées en panneaux.
87.01	Tracteurs
8701.10 00	- Motoculteurs
8701.90 00	- Autres

Article 06.01.06 : 17°

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
38.08.10.10	- - -Insecticides présentés sous forme de spirales (mosquitos)
63.04.91.10	- - Moustiquaires imprégnés de produits insecticides.

Article 06.01.06 : 20°

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
27.10.19.21	- - - Pétroles lampants.

Article 06.01.06 : 21°

TARIF NUMERO	DESIGNATION DES PRODUITS
10.06.10.00	- Riz en paille (paddy)
10.06.20.00	- Riz décortiqué (riz cargo ou riz brun)
10.06.30	- Riz semi blanchi ou blanchi, même poli ou glacé
10.06.30.10	--- Riz de luxe des qualités RL1 et RL2
10.06.30.90	--- Autres
10.06.40.00	- Riz en brisures.

Ny sisa tsy misy fiovana.

**ANDININY FAHAROA
FADITSERANANA**

A. Ireo fepetra noraisina tao amin'ny fahezan-dalàna momba ny faditseranana dia miova sy nofenoina toy izao manaraka izao :

1- Ovana ho toa izao ny firafitry ny andininy faha 23§7 :

Raha tokony ho :

Ny sampan-draharahan'ny Faditseranana dia afaka manao fikarohana sy fanadihadiana mba hanamarinana ny tolotra rehetra momba ny lazam-bidy izay voalaza na natolotra ny faditseranana mba ho fikarohana ny lazam-bidy feno sy marina. Amin'izany, ireo mpanafatra entana dia tsy maintsy mifampiraharaha amin'ny faditseranana, raha tsy izany dia azo enjehina araka ny andalana faha 286 ny fehezan-dalana momba ny faditseranana.

Vakio :

Ho fampiharana ireo fepetra voalazan'ity andininy ity, ny sampan-draharaha dia manana zo feno haka toky amin'ny fahamarinana, porofo na fanambarana atolotra mba ho fikarohana ny lazam-bidy amin'ny faditseranana.

Amin'izany dia afaka mangataka amin'ny mpanafatra entana ny ny mpanao fanambarana izy mba hanome ireo porofo fanampiny, ao anatin'izany ireo antontan-taratasy na porofo hafa manamarina ny lazam-bidy nambara mifanaraka amin'ny vidy naloa na tokony ho aloa, narenina araka ny andalana faha 4 ity andininy ity. Raha tsy misy valiny ara-potoana na koa tsy mahafapo ireo porofo natolotra, ny fikajiana ny lazam-bidin'ireo entana dia tsy azo atao araka ny fampiarana ny voalaza'ity andininy ity ; kajiana kosa izy araka ny fampiarana ny laharana voalazan'ny andininy faha 24.

2- Ampiana andalana faharoa ny andininy faha 153 izay soratana toa izao :

Ankoatra izany, misy fepetra ara-moraly apetraka amin'ny alalan'ny didy fampiarana ho an'ireo olona afaka mahazo ny sata ara-toekarena.

3- Foanana ny andininy faha 155 ary ovana ho tao izao manaraka izao :

Rehefa ilaina ny ANTOKA araka ity lohateny ity, apetraka izany mifanaraka amin'ireo fepetra raisina amin'ny lohateny faha V bis an'ity fehezan-dalana ity izay mitondra ny lohateny hoe « Antoka amin'ny Faditseranana ».

4- Ovana ho toa izao ny fanoratana ny andininy faha 175.

Raha tokony ho :

Ireo entana dia afaka mijanony amin'ny trano fitahirizana manokana mandritra ny enim-bolana ary azo alavaina indray mandeha amin'ny fe-potoana mitovy.

Vakio :

Ireo entana dia afaka mijanony amin'ny trano fitahirizana manokana mandritra ny **herin-taona** raha ela indrindra manomboka amin'ny fotoana nandraiketana ny fanambarana ho fampidirana azy any amin'ny trano fitahirizana. Misy fanalavana enim-bolana azo omena raha misy fangatahana voamarina.

5- Ampiana andalana faharoa ny andininy faha 185 ka soratana toa izao :

« Nefa rehefa biraon'ny faditserana iray ihany on miandraikitra ireo trano fitahirizana dia tsy ilaina ny fanambarana famindran-toerana ».

6- Soloina ny andalana faha 2 sy 3 ny andininy faha 186 amin'ireto andalana voasoratra toa izao ireto :

2. Rehefa tsy maintsy kajiana ny haba sy hetra amin'ireo entana nisy nangalatra, ny haba sy hetra ampiarina dia ireo manan-kery tamin'ny fotoana namoahana entana farany tamin'ny trano fitahirizana.
3. Rehefa tsy maintsy kajiana ny haba sy hetra amin'ireo entana nesorina antsokosoko, ny haba sy hetra ampiarina dia ireo manan-kery amin'ny fotoana nahatratrarana ny fandikan-dalana.

Ireo entana tsy ampy noho ny fampiasana nahazo alalana ny noho ny antony ara-boajanahary dia tsy mandoa haba sy hetra.

7- Foanana amin'ny andalana 1 ny andininy faha 187 ny teny hoe « na ireo fanovàna »

8- Ampiana andalana faharoa ny andininy 190- 1° iza y soratana toa izao :

Amin'ny fampiarana ny andalana eo ambony, ny tanjona amin'ny fanafarana entana mahazo ny sata fidirana mandritra ny fotoana voafetra dia ireto manaraka ireto :

- Entana natokana aseho na ampiasaina amin'ny fampirantiana, foara, kongresy na fihetsiketsehana mitovy amin'izany,
- Entana matianina,
- Kaontenera, palety, fonosana, santionany na entana hafa nafarana mifandraika amin'ny fihetsehana ara-barotra,
- Entana nafarana ao anatin'ny sehatra famokarana,
- Entana nafarana noho ny antony ara-panabeazana, ara-tsiantifika ny ara-java-kanto,
- Entana manokan'ireo mpandeha sy ireo entana nafarana noho ny antony ara-panatanjahan-tena,
- Entana natokana hanaovana fampielezan-kevitra ara-pizahan-tany,
- Entana nafarana noho ny antony maha-olona,
- Fitaovam-pitanterana,
- biby.

Didim-pitondrana raisin'ny Minisitra misahana ny faditseranana no mamaritra ny fepetra hampiasana ny sata fidirana amin'ny fotoana voafetra ho an'ireo tranga voalaza etsy ambony ireo.

9- Foanana ny andalana faha 2 amin'ny andininy faha 190 ary soloina amin'izao andalana faha 2 vaovao izao.

2. Ny fanomezan-dalana hampiasan ny sata fampidirana mandritra ny fotoana voafetra dia omena amin'ny alalan'ny fanapahana raisin'ny Tale Jeneralin'ny Faditseranana. Na izany aza dia misy andinin-dalana na lalàna fampiarana izay mametra ny fakana ny hevitra ny Minisitara voakasika alohan'ny fanomezana fahazoan-dalana.

Rehefa tsy feno ireo fepetra voalazan'ny didim-pitondrana voalaza etsy amin'ny andalana 1 etsy ambony na ho an'ireo fitaovana natokana amin'ny asa vaventy, ny fampidirana mandritra ny fotoana voafetra dia omena fa ny ampahan'ny haba sy hetra tokony aloa ihany no miantona.

10- Ovana ny fanoratana ny andininy faha 191.

Raha tokony ho :

Mba ahazo ny sata fampidirana mandritra ny fotoana voafetra, ireo mpanafatra entana dia tsy maintsy mametraka taratasy fiantohana izay anekeny fa :

- b) Averina aondrana na apetraka any main'ny trano fitahirizana ireo entana nafarana mandritra ny fotoana voafetra, ary izany dia ao anatin'ny roa ambinifolo volana ; io fe-potoana io dia azo alavain'ny sampan-draharaha rehefa misy fangatahana misy antony mazava ataon'ny voakasika.

Vakio :

Mba ahazo ny sata fampidirana mandritra ny fotoana voafetra, **raha tsy hoe manana « carnets ATA » na « carnets CPD »**, ireo mpanafatra entana dia tsy maintsy mametraka taratasy fiantohana izay anekeny fa :

- b) Averina aondrana na apetraka any main'ny trano fitahirizana ireo entana nafarana mandritra ny fotoana voafetra, ary izany dia ao anatin'ny roa ambinifolo volana ; io fe-potoana io dia azo alavain'ny sampan-draharaha rehefa misy fangatahana misy antony mazava ataon'ny voakasika.

(Ny sisa tsy misy fiovana).

11- Foanana ny andalana voalohany amin'ny andininy faha 194 ary soloina andalana hafa soratana tao izao :

- 1- Ny sata fanatsarana ny enti-mamokatra dia ahafahana manao fanovana, fanamboarana ny fanampiana ny asa an-tanana ho :
- 1.1. An'ireo entana nafarana ka natokana ho aondrana amin'ny endrika vokatra takalo, rehefa tsy iaran'ny haba sy hetra ny ireo fepetra mikasika ny politika ara-barotra ireo entana ireo ;
- 1.2. An'ireo entana napetraka tamin'ny sata ara-toekarena ao amin'ny faditseranana hafa.

Ity sata ity dia ahafahana ihany koa mampiasa ireo entana izay tsy hita ao amin'ny vokatra takalo fa ahafanana ny manamora indray kosa ny fahazoana ilay vokatra, na dia manjavoana tanteraka na amin'ny ampahany aza izy amin'izany. Ireny entana ireny dia raiketiny anaty lisitra ferana amin'ny alalan'ny didim-pitondrana raisin'ny minisitry misahana ny faditseranana aorian'ny hevity ny minisitry voakasika mivantana.

12- Foanana ny andalana faha 2 ny andininy faha 194 ary soloina andalana faha 2 vaovao.

- 2- Ny fahazoan-dalana amin'ny sata ho fanatsarana ny enti-mamokatra dia omen'ny Tale Jeneralin'ny Faditseranana :
- Ho an'ireo olona mipetraka eto Madagasikara, manana ny fitaovana rehetra ilaina amin'ny fanovana, fanatsarana na fanampiana asa an-tanana na koa ho an'ireo afaka manana izany amin'ny alalan'ny fampanaovana izany olon-kafa ;
 - Ho an'ireo entana nafarana ka azo fantarina ao anatin'ilay vokatra takalo.

Mety hisy fepetra hafa apetraka amin'ny didy fampiarana ho an'ireo entana manahirana na misy lanjany ara-stratejika.

Raha tsy misy fanovana omen'ny Tale jeneralin'ny faditseranana, ny fe-potoana ambony indrindra azon'nt entana ijanonana amin'ny sata fanatsarana ny enti-mamokatra dia roa ambinifolo volana isaina manomboka amin'ny daty nandraiketana ny fanambarana fanafarana.

13- Ovàna ny fanoratana ny andalana faha 4 ny andininy faha 194 :

Raha tokony ho :

4. Ireny entana ireny, rehefa avy novana, natsaraina ny nasiana asa an-tanana, dia tsy maintsy, raha tsy misy fahazoan-dalana nomen'ny Tale Jeneralin'ny Faditseranana, aondrana ny alefa any amin'ny trano fitahirizana entana alohan'ny fiafaranan'ny fe-potoana voalaza amin'ny andalana faha 2° etsy ambony. »

Vakio :

4. Ireny entana ireny, rehefa avy novàna, natsaraina ny nasiana asa an-tanana, dia tsy maintsy, raha tsy misy fahazoan-dalana nomen'ny Tale Jeneralin'ny Faditseranana, **na aondrana na alefa amin'ny sata natokana ho an'ny trano fitahirizana entana alohan'ny fiafaranan'ny fe-potoana voalaza amin'ny andalana faha 2° etsy ambony .**

14- Ovana ny fanoratana ny andalana faha 5 ny andininy faha 194 :**Raha tokony ho :**

Rehefa tapitra ny fe-potoana nahazoana alalana ka tsy mbola naondrana, nalefa ho jifaina na napetraka any amin'ny trano fitehirizana ny entana nafarana dia tsy maintsy aloa ireny haba sy hetra tokony naloa noho ny fanafarana azy ireny.

Vakio :

Rehefa tapitra ny fe-potoana nahazoana alalana ka tsy mbola naondrana, nalefa ho jifaina na napetraka any amin'ny trano fitehirizana **ny vokatry takalo** dia tsy maintsy aloa ireny haba sy hetra tokony naloa na noho ny fanafarana azy ireny.

15- Ovana ny fanoratana ny andalana faha 2 ny andininy faha 195 :**Raha tokony ho :**

Ireo voalaza rehetra mifandraika amin'ny famaranana ny fanambarana nataon'ny mpiantoka dia amarinin'ny sampan-draharaha ao anatin'ny fotoana tsy mihoatra ny roa volana manaraka ny daty nandraiketana an-tsoratra ny fanambarana ho fanondranana napetraka aorian'ny sata fanatsarana ny enti-mamokatra.

Vakio :

Ireo voalaza rehetra mifandraika amin'ny famaranana ny fanambarana nataon'ny mpiantoka dia amarinin'ny sampan-draharaha **amin'ny fotoana anaovana fanambarana ho fanondranana napetraka aorian'ny sata fanatsarana ny enti-mamokatra.**

16- Foanana ny andalana farany amin'ny paragrafy ny andininy faha 196.**17- Foronina ny Lohateny V bis tononina hoe « FIANTOHANA AMIN'NY FADITSERANANA »**

230 bis : Ny sampan-draharaha ny faditseranana dia afaka mitaky ny fanaovana antoka mba hiantohana ny fanatanterahana adidy voalazan'ity Fehezan-dalana ity.

